## MAINTIRANO

# AVOTRA IREO OLONA 4 NISY NAKA AN-KERINY

4


# Gazetiko

www.gazetiko.mg

Laharana 7858 | Taona faha-26 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Talata 30 aprily 2024


## FAMPANAJANA NY ZON'NY MPIASA

8

# MBOLA LAVITRY NY AFO NY KITAY

## FIFAMPIRAHARAHANA AMIN'NY FMI

2

# MITAKY FIFAMPIRESAHANA



# NY KOLEKITIFA AN'NY MALAGASY

## MARINA IZANY !

2

### LAHARAM-PAHAMEHANA !

## AFRICA CUP / FIBA 3X3

11



### HATAO ETO AMINTSIKA NY FIFANINANANA

## Tafa....sika

6

### NAMBINE JOEL (TARIKA VAZIK)



### "SAKANA NY HOENTI-MANANA... INDRINDRA NY TSY FISIAN'NY MPANOHANA"

## ANDRON'NY 1 MEY

9

### HANAO DIABE HO ENY AMIN'NY LAPAN'NY TANÀNA ANALAKELY NY MPIASA







Fifampiraharahana ara-bola amin'ny FMI

# Mitaky fifampiresahana ny kolekitifan'ny Malagasy

*Manomboka milendalenda ny volabe ho azon'ny fitondrana avy amin'ny Tahirimbola Iraisam-pirenena ato ho ato ny mpanohitra raha ny fahitan'ireo mpandinika ny raharaham-pirenena.*

Nanoratra tany amin'Atoa Mohktar Benlamine, solontenan'ny Tahirimbola Iraisam-pirenena na FMI monina eto Madagasikara sy Atoa Frederic Lambert, lehiben'ny delegasion'ny FMI mandalo eto amintsika ankehitriny ny kolekitifa an'ny Malagasy, omaly. Ny tanjona, araka ny fanazavana avy amin'io elatry ny mpanohitra ivondronan'ny MMM, MTS, FTT, ARB ary FMI-Malagasy io dia ny mba hisian'ny mangaraharaha eo amin'ny pitsopitsony rehetra mikasika ilay fifampiraharahana ara-bola mitentina 660 tapitrisa dolara eo amin'ny FMI sy Madagasikara mandeha amin'izao fotoana izao. Rehefa tomorina akaiky ny voarakitra ao anatin'io taratasy io dia mitaky ny hisian'ny fifampiresahana sy


Ireo mpitarika eo anivon'ny Kolektifa an'ny Malagasy.

fakana ny hevitr'ireo mpisehatra ara-toekarena eto amintsika ary fampandalovina ao amin'ny Antenimierampirenena vaovao hitsangana mialoha ny faran'ny volana jona 2024 ny mikasika io fifanarahana io izy ireo. "*Hatao izany mba hanamafisana fa amin'ity indray mitoraka ity dia tena hisy fiantraikany amin'ny fiainan'ny Malagasy ireo fifanarahana hatao. Tsy vitan'izay fa tokony ho voarakitra ao amin'ny lalàna mikasika ny tetibolam-panjakana io fifanarahana io araka ny andininy faha-87 sy faha-90 amin'ny lalàmpanorenana",* hoy ny kolekitifan'ny Malagasy tamin' izany. Ao anatin'izany rehetra izany, raha ny fahitana mpandinika ny raharaham-pirenena izao fihetsiky ny mpanohitra izao dia manomboka milendalenda ny volabe ho azon'ny fitondrana izy ireo. "*Tsy hipetra-potsiny amin' izao ireo mpanohitra fa tsy maintsy hitady ny fomba rehetra hahazoany ny anjarany. Dia tsy ho taitra isika ato ho ato raha hisesisesy indray ny fandrahonana hanao fihetsiketsehana, izay lalan-tokana heverin'izy ireo hahazoana ny anjarany*", hoy ny fanazavana.

**Fomba fiady**

Nambaran'ity mpandinika ity fa fomba fiadin'ireo mpanao politika hatramin'izay ny tahaka izany ka tsy tokony hahagaga ny olom-pirenena intsony. Ny andrasan'ny vahoaka madinika amin'ny fitondrana izao, hoy hatrany izy dia ny hitsinjarana sy ny hampiasana io volabe io amin'ny fomba mangarahara mba hisy fiantraikany any anaty vilanin'ny madinika. Mifanindran-dalana amin'izany, mbola mitohy ny fihaonan'ireo iraky ny Tahirim-bola Iraisam-pirenena amin'ireo Andrimpanjakana sy rafitra misy eto Madagasikara amin'izao fotoana izao mikasika io fanohanana ara-bola io amin'izao fotoana izao. Efa nihaona tamin'ny Filoham-pirenena sy ireo mpikamban'ny governemanta ary ireo sampandraharaha mitarika ny ady amin'ny kolikoly eto Madagasikara izy ireo tamin'iny herinandro lasa iny. Raha atao bango tokana, nifantohan'ny fifampiresahana nandritra izany fihaonana izao ny hametrahana indray ny fandaharanasa Facilité Elargie de Crédit (FEC) sy ny Facilité pour la Résilience et la Durabilité (FRD). Raha miompana amin'ny fahamarinan-toerana arabola sy ny fitantanam-bola, ny fitomboana ara-toekarena, ny fampiroboroboana ny maha-olona, ny fiahiana ara-sosialy ary ny fitantanan-draharaham-panjakana ny FEC dia fandaharanasa vaovao hanohanana ny fahafaha-miatriky ny firenena manoloana ny fiovaovan'ny toetrandro ny FRD. Mitotaly eo amin'ny 660 tapitrisa dolara eo ho eo ny fanohanana ara-bola eriteretin'ny Tahirimbola Iraisam-pirenena homena antsika amin'ny fanatanterahana izany.

**Mamy R.**

## Marina izany !

### Laharam-pahamehana ...

**Nisy naoty nalefan'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Vola tany amin'ny andrimpanjakana sy ny ministera samihafa nangatahany ny handefasan'izy ireo any aminy ny fampihenana ny tetibolany tsirairay avy hahafahana mandrafitra ny fanitsiana ny tetibolam-panjakana izay tokony handalo eny amin'ny antenimiera amin'ny fotoam-pivoriana voalohany amin'ity taona ity. Raha lazaina amin'ny teny tsotra izany, mihevitra hampihena ny fandaniam-bola ny fanjakana amin'io fanitsiana ny lalàna mikasika ny tetibolam-panjakana. Raha atao mivantana izany, hifehy kibo ny fanjakana amin'ny fandaniana ka izay laharam-pahamehana ihany no tsy maintsy ho hita ao anatin'ny tetibola. Hiaraha-mahita eo ny tohin'ity fepetra ity rehefa tonga eny amin'ny antenimiera ilay fanitsiana. Fa eo amin'ny fiainana andavanandro indray kosa, indrindra amin'izao ankatoky ny fampielezankevitra izao, samy manana ny laharam-pahamehany ny rehetra. Indrindra ireo misehatra ao anatin'izany : ny fanontana ny biletà tokana ny an'ny mpikarakara, ny fanofanana hampahafantatra ireo didy aman-dalàna momba ny fifidianana ny an'ny Fitsarana, ny hahavory olona maro amin'ny hetsika hatao ny an'ny mpifaninana....Eo amin'ny fiainan'ny firenena anefa, moa tsy laharam-pahamehana ny fandriampahalemana sy ny filaminana ary ny fitoniana manoloana ny asanjiolahy sy ny fiakaran'ny vidin-javatra sy vidim-piainana ary ny fijaliana amin'ny rano sy ny fahatapahan'ny jiro ! Moa tsy laharam-pahamehana ho an'ny fanjakana ve ireo amin'izao izy mandrafitra ny fanitsiana ny tetibolany izao ! Na tiana na tsy tiana mantsy ny vola no hozatry ny raharaha !**

**Herivonjy RAJAONAH**

Minisitra Landy Mbolatiana

# Nijery ifotony ny zava-misy iainan'ny voafonja any Ambovombe


Nanome solosaina ho an'ireo mpandraharahan'ny fonja sy ireo tomponandraikitra eo anivon'ny Fitsarana any Ambovombe ny Minisitra Landy Mbolatiana.

Mitohy ny fitsidihana fonja tanterahin'ny minisitry ny Fitsarana sady mpitahiry ny Tombokasem-panjakana Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana. Taorian'ny tany Boeny dia nitsidika ny fonjan'Ambovombe nijery ny zava-misy any an-toerana sady nanome torolalana ireo mpitantana ny fonja ny tenany. Nandritra izany no nanolorany vary, voamaina, lafarinina, menaka, savony, koveta, milina fanjairana, balina lamba ary lafaoro hanampiana ireo voafonja amin'ny fihofanana arak'asa hanomanany ny fiverenana eny anivon'ny fiarahamonina. Tsy izay ihany fa teo ihany koa ny fanomezana solosaina sy imprimante ho an'ireo mpandraharahan'ny fonja. Nialoha io fitsidihana fonja io dia nisy ny dinidinika niarahan-dRtoa Minisitry ny Fitsarana tamin'ireo tomponandraikitra eo anivon'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany any Ambovombe.

**Hahasoa ny vahoaka**

Fotoana nihainoany ny tatitra avy amin'iretsy farany sy nanomezany toromarika ho fanatsarana ny fomba fiasa hahasoa ny vahoaka izany. Araka izany, nisy ny fanazavana fanampiny nomeny ireo tomponandraikitra ireo momba ny fampiasana ny diary fanarahan-draharaha izay efa manomboka miasa ao amin'ity Fitsarana Ambaratonga voalohany ity. Toy ny fanaony tany amin'ireo Fitasarana notsidihany, dia nisy ihany koa ny fanolorana solosaina sy imprimante hanampiana ireo fitaovana efa ampiasain-dry zareo any Ambovombe tamin'ity fitsidihana nataony ity. Ao anatin'izany rehetra izany, tsetsatsetsa tsy aritra no ilazana fa isan'ireo Minisitra nahavita fidinana ifotony maro indrindra tao anatin'izay 100 andro voalohany nijoroan'ny governemanta Ntsay Christian izay Rtoa Randriamanantenasoa Landy Mbolatiana.

**Mamy R.**

Antomotra ny fifidianana

# Variana miady amin'ny fanjakana ny mpanohitra, miseho vahoaka ny kandidàn'ny IRMAR


Sesilany ny fanambarana miady amin'ny fanjakana ataon'ny mpanohitra any anaty trano fandraisam-bahiny any.


Toy izao ry zareo efa eny an-kianja.

Herinandro mahery kely mialoha ny hanombohan'ny fampielezankevitra ho an'ny fifidianana solombavambahoaka, tsikaritra ho variana miady amin'ny fanjakana ny mpanohitra raha toa ka miseho sy mitafa ary miaramandihy amin'ny vahoaka eny an-kianja ireo kandidan'ny mpomba ny fitondrana. Araka izany, teo anelanelan'ny fotoana nanambaran'ny CENI ny datim-pifidianana mandrapahatongan'ny fotoana hanombohan'ny fampielezankevitra, dia mila ho isanandro ry zareo eo anivon' ny fianakaviamben'ny mpanohitra no nampiaka-peo fa manao fampielezankevitra mialoha ny fotoana ny kandidan'ny mpitondra. Tsy izay ihany fa miverimberina ihany koa ny hoe mametraka ny olony hanamora ny fampiasana ny fitaovampanjakana ho an'ny tombontsoan'ireo kandidany ny eo anivon'ny fitondrana. Dia tsy hay aloha raha ny fanaratsiana ny mpifaninana no heverin'ireo mpanohitra ireo fa hifidianan'ny vahoaka ny kandidan'izy ireo sy hahazoany maro an'isa eny Tsimbazaza na ahoana.

**Roapolo andro**

Ny zava-misy anefa, dia tsy misy andinin-dalàna na iray aza ao amin'ny lalàna mifehy ny fifidianana miresaka mikasika ny fampielezankevitra mialoha ny fotoana. Midika izany fa ny mpanohitra, dia miresaka toe-javatra tsy misy fototra araky ny lalàna. Tokony iarahin'ny rehetra manaiky kosa anefa, fa mba hampitovy lenta ny kandidà dia tokony hiara-hiainga ny fotoana anaovana fampielezankevitra, mba tsy hisy hanana tombon-dahiny. Dikany, ny lalàna mifehy ny fifidianana mihitsy no tokony efa hohatsaraina. Saingy ny mahagaga dia isaky ny misy fifidianana hatrany vao resahina io olana io ka tsy mahagaga raha miverimberina ny olana. Raha tsiahivina, hanomboka amin'ny 08 Mai izao ny propagandy ho an'ny fifidianana solombavambahoaka ary tsy hifarana raha tsy amin'ny 27 Mai, izany hoe roapolo andro. Handatsa-bato hifidy izay ho solontenantsika eny Tsimbazaza kosa isika vahoaka roa andro aorian' izay, izany hoe amin'ny 29 Mai ho avy izao. Andro tsy iasana fa andraisan-karama amin'io.

**Mamy R.**

Antoko Vonjy Iray Tsy Mivaky

# "Mila olona manana traikefa sy ampy fahalalana amin'ny sehatry ny lalàna ny depiote"

Andrimpanjakana mpanao lalàna ! Mila olona manana traikefa sy ampy fahalalana amin'ny sehatry ny lalàna ny solombavambahoaka mba ahafahany mamadika ho tolo-dalàna ny programa-n'asa. Manana andraikitra hisolo tena ny vahoaka sy afaka mamaly mivantana ny hetahetan'ny vahoaka, manara-maso ny asan'ny Governemanta, manombana ny politikam-panjakana. Ireo teboka voalaza eo ambony ireo no tokony hananan'ny kandidà depiote hiakatra eny Tsimbazaza, araka ny fanehoan-kevitry ny antoko Vonjy Iray Tsy Mivaky. Mpitsara sady mpahay lalàna, ny Filoha Nasionalin'ny antoko Vonjy Iray Tsy Mivaky mihitsy no natolotry ny antokony ho kandidà depiote amin'ny 29 may ho avy izao. Any amin'ny Distrikan'ny Vangaindrano, izay tany nihaviany Ramatoa Francette Razanabahiny no hifaninana amin'ity hazakazaka ho eny Tsimbazaza ity. « *Velona sy mijoro ny antoko Vonjy Iray Tsy Mivaky, fotoana izao hidirana amin'ny raharaham-pirenena ka ho fandraisana anjara amin'ny fampandrosoana ny tany nihaviako no antony nirotsahako ho kandidà any amin'ny disitrikan'i Vangaindrano.* », hoy izy. Antoko politika efa 50 taona mahery nijoroana. Efa voarafitra anaty boky ny vinam-piarahamonina novolavolain'ny antoko hitondrana fampandrosoana eto amin'ny firenena. "*Manana fotokevitra ijoroana maty paika isika ka izany no navadika ho vinam-piarahamonina mba ho programa-n'asa ary ho avadika tolodalàna hitondrana ny fampandrosoana maharitra ho an'i Distrikan'i Vangaindrano izay misy kaominina 31*", hoy Rtoa Francette Razanabahiny.

**Vinam-piarahamonina 9**

Raha fehezina dia manana vinam-piarahamonina 9 mifototra amin'ny firaisampirenena - Ny vondrombahoaka omena fahefana - Ny rafitra miankina amin'ny Fokonolona – Ny fijerena manokana ireo tantsaha ny antoko Vonjy Iray Tsy Mivaky. Notsiahivin-dRtoa Francette Razanabahiny ihany koa anefa, fa manana teti-bola « CIAD na Credit d'Investissement destiné à l'Appui au Développement » mitetina 250 tapitrisa Ariary isan-taona ny Solombavambahoaka iray. Izany hoe : manana 500 tapitrisa Ariary isan-taona ( 2 Milliards 500 millions Fmg) avy any amin' ny fitondrana foibe raha ho an'i Distrikan'i Vangaindrano. Araka izany dia manana andraikitra amin'ny fitantanana izany volambahoaka izany ihany koa ny Solombavambahoaka hanaovana fotodrafitrasa mba hisy fiantraikany amin' ny fampandrosoana ny Distrika misy azy.

**Niry R.**



Efa manana vinam-piarahamonina mazava, azo havadika ho tolo-dalàna ny antoko tarihin-dRtoa Francette Razanabahiny.

Depiote Todisoa Andriamampandry

# Nizara omby sy ondry ho an'ireo mpanao fanatanjahantena eny Ambohimanarina

Isan'ny tanjona imasoan'ny depiote Todisoa Andriamampandry hatramin'izay ny mba hananan'i Madagasikara tanora vanona sy vonona. Araka izany, ankoatra ny fanohanana ireo mpianatra dia tsy miraviravy tànana amin'ny fanampiana ny tanora mpitia fanatanjahantena, indrindra ho an'ny zanak' Ambohimanarina io olomboafidy TIM io. Tao anatin' izay taona maromaro naha solombavambahoaka azy izay, dia niezaka nitondra ny anjara birikiny amin'ny fanampiana ireo tanora mpisehatra amin'ny tontolon'ny spaoro eny amin'ny boriboritany faha-6 eny io solombavambahoaka io, na ara-pitaovana izany na arabola. Ny faran'ny herinandro lasa teo izao dia karazan' amboara maro no nomen'ny depiote Todisoa ho an'ireo ekipa nivoaka mpandresy tamin'ny lalao famaranana nandritra ny fifaninanana ara-panatanjahan-tena



Niditra an-kianja nilalao niaraka tamin'ny vahoaka ny depiote Todisoa teto.

nizotra tao Ampansamborona, Ambohimanarina. Tamin'izany no nanolorany omby, ondry, lelavola ary kalisy ho an'ny voalohany sy ny faharoa ary ny fahatelo teo amin'ny sokajy samihafa. Tonga maro ireo mponin'Ambohimanarina nijery ity famaranana ity, ka nisaotra sy nankasitraka hatrany ny depiote Todisoa amin'ny fampiroboroboana ny spaoro.

**Nirotsaka an-kianja**

Marihina fa nirotsaka ankianja nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity ihany koa ny depiote Todisoa. Araka ny fanazavany dia mendrika hotohanana sy hampirisihana ho tia fanatanjahatena hatrany ny tanora noho izy manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fitaizana arabatana sy ny fivelaran'ny saina. Tsy vitsy ireo milaza ao anatin'izany fa fihetsika maha te hidera izao nataon' ny depiote Todisoa izao ary hery lehibe ho an'ny mpanao sy mpitia fanatanjahatena avy eny Ambohimanarina eny.

**Mamy R.**




PETITES ANNONCES Gazetiko

A LOUER

* Trano ahofa Andoharanofotsy Mahabo : 2ch+wc+dch en sécurité : 160.000Ar. Tél : 032.64.118.31. (G-BA 814/7-3)

COURS

* Cours de Français, Anglais, Chinois chez Wise School Analamahitsy. Tél : 034.17.947.22. (G-BA 812/4-2)

* Cours de massage : 3 jours assuré par des professionnels. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 809/10-6)

FAMPIANARANA

* Fampianarana manety lehilahy "Coupe homme". Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 809/10-6)

VIDANGE

* Vidange fosse septique, fosse perdue & puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 803/20-16)

MITADY ASA

* Zah Soudeur 5 exp, afaka mi-déplacé, matotra, manao ny asa rehetra momban'ny vy. Tél : 034.16.758.04. (G-BA 813/3-3)

Maintirano

# Avotra ireo olona efa-mianaka nisy naka an-keriny

Olona maromaro sendra tafara-dàlana no nosakanan'ny dahalo nirongo fiadiana tao amin'ny fokontany Bemena, kaominina Andrea, distrikan'i Maintirano ny zoma lasa teo tokony ho tamin'ny 2 ora tolakandro. Nalain'ireo dahalo nentiny nanaraka azy an-keriny ny efatra tamin'ireo olona ireo. Nitsoaka nanavotra aina ary nampandre haingana ny mpitandro filaminana kosa ireo olona sisa tsy lasa. Nihetsika avy hatrany ny zandary sy ny miaramila ary ny polisin'ny FIP nanao ny fikarohana sy ny sakana tao amin'ny alan'Analakinapa, izay toerana nieren'ireo dahalo. Vao fantatr'ireto farany izany dia nandrahona ny fianakavian'ireo olona nalainy an-keriny izy ireo mba hamerina ireo mpitandro filaminana ireo fa


Ireo olona nalaina an-keriny !

raha tsy izany dia hotapeyriny ny ain'ireo takalonaina. Tsy nihemotra mihitsy anefa ny mpitandro fa niroso hatrany ary vonona hifanandrina amin'ireo olon-dratsy. Napetraka ny paikady rehetra entina hanavotana ireo takalonaina. Ny Alahady lasa teo no avotra ilay ankizivavikely iray tokony ho dimy ambin'ny folo taona ary io no nanondro ny toerana nitondran'ireo olondratsy ireo olona telo hafa voatazona niaraka taminy.

**Karohina**

Raha ny fanazavàn'ilay ankizivavy hatrany dia mifindrafindra toerana foana ireo dahalo mitondra ireo takalonaina. Nanohy ny fikarohana foana anefa ny mpitandro filaminana ka ny Alahady tolakandro ihany dia avotra soa aman-tsara avokoa ireo olona telo notazonin'ireo dahalo, izay ankizivavikely vao roa ambin'ny folo taona ny zandariny indrindra. Araka izany dia tsy mbola nisy ny fitakiam-bola nataon'ireto olon-dratsy ireto tamin'ny fianakavian'ireo olona nalainy an-keriny. Mbola mitohy hatrany kosa ny fikarohana ireo dahalo,izay tafatsoaka avokoa. Efa tafaverina any amin'ny fianakaviany avokoa amin'izao ireo takalonaina ireo.

R.C

Arivonimamo

# Tokantrano 3 notafihana 15 lahy nirongo fiadiana

Nirefodrefotra indray ny basy tao amin'ny tanànan' Ambohimanarivo, kaominina Imerintsiatosika ny sabotsy lasa teo tokony ho tamin'ny 11ora sy sasany alina. Tokantrano miisa telo tao an-toerana no nasesin' ny jiolahy norobaina tamin' io fotoana io. Araka ny fanazavàna azo, jiolahy efa manodidina ny dimy ambin' ny folo lahy, izay nirongo fitaovam-piadiana mahery vaika no nanafika tamin'io. Avy hatrany dia nampihorohoroan'izy ireo tamin'ny poa-basy ny mponina teo an-tànana ka tsy nisy sahy nivoaka fa samy nihainohaino tany amin'ny tokantranony tany fotsiny. Rehefa izany dia niroso tamin'ny fandrobàna amin'izay ireo jiolahy. Novakian'izy ireo ny varavaran'ny trano ary norahonany ny tompon-trano. Tsy miara-miditra anefa ireo jiolahy fa ny sasany mijanona ety ivelany mijery ny manodidina.

**Nanaram-po**

Tsy nisy sahy nanohitra mihitsy ireo olona voaroba ka dia nanaram-po tamin'ny fandrobàna tokoa ireo jiolahy. Ankoatry ny vola dia noraofiny ihany koa ny entana lafovidy hitany toy ny finday sy ny firavaka. Tao anatin'ny fotoana fohy no nanatanterahan'ireo jiolahy ny asa ratsiny ary tena voafehiny tanteraka ny tanàna. Nitsoaka nandositra avy hatrany izy rehetra taorian'izany. Efa lasa mihitsy ry zalahy fa nanomboka nivoaka tsikelikely ny mponina nifampanontany ny zava-nitranga ary nampandrenesina haingana ny mpitandro filaminana. Tsy nisy aloha ny olona maty na naratra nandritra io fanafihana io. Efa mandeha ny fikarohana ataon'ny zandary amin'izao.

R.C

Isandra

# Basy mahery vaika 4 tratra

Ny Alakamisy lasa teo no nisy nanatitra tao amin' ny sefom-pokontany tao Manody-Isandra ireo fitaovam-piadiana maromaro ireto. Izany izay nahitàna basy kalachnikov iray, "fusil à pompe" iray, revolver iray ary basim-borona iray niaraka amin'ny bala. Voalaza fa tsy te-hiseho mivantana ny tompon'ireo basy ireo, izay mazava ho azy fa tsy ara-dalàna ka olona no nampanateriny azy. Ny sefom-pokontany indray avy eo no nanatitra izany tany amin'ny mpitandro filaminana. Izao moa dia mbola vokatry ny fanentanana natao ny mponina mba hanatitra ireo basy tsy ara-dalàna any amin'ny mpitandro filaminana satria voararan'ny lalàna ny fitazonana izany raha tsy misy taratasy mazava.

R.C


Ireo basy tratra !

Toamasina

# Mpanolana maty voatifitra tao anaty ala

Ankizivavy iray sahabo ho 9 taona eo ho eo no nisy nanolana tao Amboditononina, fokontany Vohitsara, kaominina tetezambaro, distrikan'i Toamasina II. Lehilahy iray izay mponina tao ihany no nahavanona izany. Maty voatifitra io olon-dratsy io tao anaty ala niafenany. Sarona niaraka taminy ny basy plastika sy famaky fampiasany. Raha ny fantatra dia ireo fitaovana ireo no entiny handrahonana ny zaza, mialoha ny hanolanany. Rehefa nosavaina dia mbola nahatrarana rongony roa fehezany milanja 250 grama ihany koa teny aminy. Raha zohina dia nahazo loharanom-baovao ny mpitandro filaminana ao amin'ny tobim-paritry ny zandarimaria Toamasina,ny alahady teo. Tamin'ny alàlan'izany no nahalalana fa miafina ao anaty ala avaratry ny fokontany vohitsara , kaominina Tetezambaro distrikan'i Toamasina II, ilay olona karohina fatratra. Izy io izay mbola nanolana zazavavy kely 8 taona tao Vohitrandriana kaominina Tetezambaro voalaza etsy ambony. Tratra tao amin'io toerana io tokoa ilay olon-dratsy. "Rehefa tonga tany an-toerana ny zandary dia nilefa io olona io ka raikitra ny fifanenjehana azy niaraka tamin'ny fokonolona sy ny Zandarimaria nasionaly, saingy nanohy ny fandosirany hatrany izy, na dia natao aza ny fampijanonana azy tamin'ny fomba rehetra dia vao maika nadrahona tamin'ny famaky sy basy vita amin'ny plastika izy.Voatery nampiasa fitaovam-piadihana ny mpitandro filaminana ka maty tsy tra-drano io mpanolana io " : hoy ny loharanom-baovao avy amin'ny Zandary hatrany. Efa mpamerin - keloka ity lehilahy ity amin'ny fanolanana zaza tsy ampy taona. Marihina fa simba tanteraka ireo zaza ireo araka ny fanazavana.

Deyland

Imerintsiatosika

# Maty voatifitra i Naivobe dahalo raindahiny


Ilay dahalo maty !

Efa ela no nikarohan'ny mpitandro filaminana an'ity dahalo raindahiny fantatra amin'ny anarana hoe Naivobe ity. Ny faran'ny herinandro lasa teo iny dia nahazo fampandrenesana ny zandary avy ao Imerintsiatosika fa hitan'ny olona mihaodihaody ao amin'ny kaominina Miandrandra i Naivobe. Nidina tany an-toerana avy hatrany ny zandary ka nifanehatra tamin'izy ireo teny an-dàlana ilay dahalo. Rehefa nosavaina ny sakaosy teny am-babeny dia nahitàna antsibe sy vy maranitra ary fanafody gasy. Tonga dia nosamborina izy ary nentina natao famotorana. Taorian'ny fakàna am-bavany azy dia fantatra avokoa ny anarana sy ny toerana misy ireo namany. Teny an-dàlana nentina hanoro ireo namany anefa i Naivobe no nikasa handositra. Nasaina nijanona fa tsy nety ka voatery nitifitra ny mpitandro filaminana ary lavon'ny bala tamin'izany izy. Mbola mitohy ny fikarohana ireo namany.

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



Antalaha

# "Foroche" 5 lahy voasambotry ny polisy

Jiolahy dimy ao anatin'ny vondrona Foroche mpanakorontana fiarahamonina no sady ao anatin'ny fikambanan-jiolahy any amin'iny faritra Antalaha iny no voasambotry ny polisy tao Ankoalabe ny alarobia lasa teo tokony ho tamin'ny 9 ora latsaka fahefany. Naharay fitarainana ny polisy any antoerana mikasika ny fisian' ny andian'olona manakorontana fiarahamonina no sady mampihorohoro ny mpiara-belona. Raha vao nandre izany ireo mpitandro filaminana dia nandeha nidina nijery ifotony ny zava-nitranga nankany amin'ilay tanàna voalaza fa ahitana ireo andian'olona ireo. Raha vao nahatazana ireo mpitandro filaminana avy lavitra nanatona ilay toerana anefa ry zalahy tonga dia nandeha nitsoaka avy hatrany.



Ireo lehilahy dimy voasambotra.

**Nifanenjehana**

Tsy namelan'ny polisy anefa izy ireo ka raikitra noho izany ny fifanenjehana teo amin'ny roa tonta. Vokatr' izay dia lehilahy roa aloha no voasambotra. Dia nisy lehilahy iray hafa naman' ireo ihany koa tapi-dalankaleha nandritra ny fifanenjehana ka nandeha nitsofoka nankao amin'ny trano iray teo amin'ny manodidina. Niafina tao izy saingy hitan'ny polisy ihany ka noraisim-potsiny. Tamin'ny alalan'ny famotorana natao azy ireo no nanondroany ireo namany hafa. Nitohy araka izany ny fisamborana ka lehilahy roa indray no tratehaka tany amin'ny toerana atao hoe Antsonasona. Taorian'ny fisamborana dia nentina nankany amin'ny biraon'ny kaomisarian'ny polisy any Antalaha izy dimy lahy voasambotra ireo. Notanana sy natao famotorana tao izy ireo mialoha ny hitondrana ny raharaha any amin'ny fitsarana. Mitohy ihany koa ny fikarohana ireo namany hafa mbola tafaporitsaka.

**T.H**

Itaosy

# Trano iray kila hotohoton' ny afo

Nisehoana haintrano teny Ankadilalana, ao anatin'ny fokontany sy kaominina Bemasoandro eny Itaosy omaly tokony ho tamin'ny 1 ora antoandro. Trano misy rihana no may nandritra izany. Tsy fantatra mazava ny antony nahatonga ny firehetana fa ilay trano efa may sy ilay afo efa nidedaka no hitan'ny olona ka nanao izay ho afany tamin'ny famonoana ny afo izy ireo. Tao ihany koa ireo niezaka namoaka izay entana voabata nankany ivelany. Efa nampandrenesina ihany koa ny tomponandraikitra teny an-toerana ka anisan'ny nidina teny ny zandary nanampy ny fokonolona. Fantatra fa tokantrano enina no mipetraka ao amin'ity trano izay lasibatry ny afo ity. Tao amin'ny rihana ambony tao amin'ilay trano no tena kilan'ny afo. Nanoloana io haintrano io dia nantsoina ihany koa ny sampana teo anivon'ny mpamonjy voina ka tonga nanao ny asany teny an-toerana izy ireo. Naharitra teo amin'ny antsasakadiny nanaovana ny asany dia voafehy tanteraka ny firehetana. Tonga nanampy teny ihany koa ny polisy nandamina teo amin'ny lafiny fifamoivozana. Nisy ihany koa ny fepetra noraisina manoloana ity loza ity satria nesorina avokoa ireo mpivarotra manodidina ny trano may. Nentanina ihany koa ireo olona tonga teny mba tsy hanakaiky ny trano may. Marihina fa tsy nisy naratra na namoy aina nandritra ity haintrano ity.

*Tsy fantatra mazava ny antony nahatonga ny firehetana fa ilay trano efa may sy ilay afo efa nidedaka no hitan'ny olona ka nanao izay ho afany tamin'ny famonoana ny afo izy ireo.*

**T.H**



Ilay trano may.

Ihosy

# Fiara iray nahatratrarana rongony 13 gony, olona 3 voasambotra



Ireo 3 lahy tratra niaraka tamin'ireo rongony nentin'ilay fiara.

Fiara iray no nahatratrarana rongony 13 gony tany Ihosy ny sabotsy lasa teo. Ankoatra izay dia lehilahy telo ihany koa no voasambotra tamin'io fotoana io. Nahazo loharanom-baovao ny polisy ny amin'ny fisian' ny fiara iray nitondra zava-mahadomelina. Ka rehefa tonga teo Ihosy ilay fiara dia nosakanan'ny polisy nanao barazy. Nitondra entana ireo fiara io ary niditra tao anatiny ireo mpitandro filaminana nanao ny fisavana ary tamin'izany no nahitana ireo gony maro nisy rongony izay tratra nafenina tao ambany entana. Teo anatrehan'izay dia nosamborina ireo lehilahy telo nitondra ireo zava-mahadomelina ireo ary nentina nankany amin'ny biraon'ny polisy natao famotorana. Nogiazana ihany koa ilay fiara nahatratrarana ireo rongony ireo. Araka ny fantatra dia avy any Toliara no nangalana ireto farany dia izao tratehaka teo Ihosy izao. Fantatra fa fitazonana sy fikasana hivarotra rongony no vesatra iampangana azy telo lahy ireto. Rehefa vita ny famotorana eo anivon'ny mpitandro filaminana dia hiakatra fampanoavana ny raharaha.

**T.H**

Ambalavao

# Taksibrosy nivadika, mpandeha 4 naratra

Nitrangana lozam-pifamoivoizana tao amin'ny lalampirenena fahafito (RN7), lalana hiditra an'Ambalavao, omaly tokony ho tamin' ny 5 ora maraina. Sprinter iray niala avy any Antananarivo hihazo any Toliara no nivadika. Olona efatra no naratra vokatr'izany. Ny roa amin'ireo no voalaza fa tena voa mafy. Potika tanteraka ihany koa ilay fiara. Raha ny angom-baovao voarainay teny an-toerana dia olana ara-mekanika no nahatonga ny loza. Tapaka hisitra teny am-pandehanana ilay fiara. Somary fidinana anefa ny lalana ka tsy nanana safidy ny mpamily. Nivadika teo amoron-dalana ilay taksibrosy ary izao nandratra olona izao. Voatery nafindra taksibrosy hafa moa ireo mpandeha rehetra tao, mba hahafahan'izy ireo manohy ny diany. Vatoavo Tafiditra amin'izay tranga izay hatrany dia Fiara tsy matahodalana iray ihany koa no tradoza teo Vatoavo fokontany Antanimenalava, Ambalavao. Tapaka hisitra ihany koa ity fiara ity ka nifatratra tany amin'ny "Talue",avy eo nivadika ambony ambany. Potika ny ilany havia sy ny lohan'io fiara io ary olona iray tamin'ireo mpandeha 5 tao anatiny no tena voa mafy, hoy ny mponina izay nanatri-maso an'ity lozampifamoivoizana ity. Raha zohina araka izany dia resaka hisitra avokoa no nanjo an'ireto fiarakodia ireto. Efa eo am-pelatanan' ny mpitandro ny filaminana ny fanadihadiana ny raharaha.



Ilay taksibrosy ho any Toliara niharan-doza.

**Deyland**

Bemahatazana

# Lehilahy nanakorontana, maty voatifitra

Lehilahy iray no maty voatifitry ny zandary tao Bemahatazana ny alakamisy lasa teo. Raha ny angombaovao voaray dia nanakorontana ity lehilahy nandritra ny fitsidihana izay nataon'ny solombavambahoaka tany antoerana . Nosamborin'ny fokonolona moa izy, niantso ny zandary ireto farany ka tonga avy hatrany ny zandary. Rehefa nentin'ny mpitandro filaminana ity lehilahy ity dia nitsoaka nandositra. Nampitandrina ny zandary mba hijanonany saingy tsy nijanona izy. Noho izany dia voatery nitifitra ny mpitandro filaminana ka maty tsy tra-drano.

**Rabalise**

Soamahamanina

# Ankizy maty nodonin'ny kamiao

Ankizivavikely 9 taona mipetraka ao Ambatomainty kaominina Soamahamanina distrikan'i Miarinarivo no maty voadonan'ny kamiao ny alarobia lasa teo. Nirava avy nianatra ity zazavavikely ity ka handeha hody. Nony tonga teo amin'ny tanàna atao hoe Jerosalema Soamahamanina no nodomin'ny fiara kamiao ity zazavavy ity ka maty tsy tra-drano.Nalain'ny havany moa ny razana.

**Rablaise**

## Tafa....sika

Nambine Joel (tarika Vazik)

# “Sakana ny hoenti-manana sy ny fahasahiranana ary indrindra ny tsy fisian’ny mpanohana”

*Ramanambintsoa Joel. Mpanakanto vao misandratra, ao amin'ny tarika Vazik. Tamin'ny 2018 (faha-19 taonany) no nanomboka nihira izy, efa maro ny hira noforoniny saingy noho ny antony maro, mbola tsy nisy tafavoaka teny amin'ny haino aman-jery ireo vazony. Tamin'ny alatsinain'ny paska teo, niaka-tsehatra teto an-drenivohitra ry zalahy ireto. Ny hanaparitaka ny vazony ka hampitombo ny mpankafy azy ireo no tanjona kendreny. Nisy ny resaka nifanaovanay taminy :*






**Gazetiko** : Teny an-tsehatra no nahitana sy nandrenesana anareo voalohany. Inona no dikan’ilay hoe Vazik ? Efa firy taona izany ianareo no niforona ? Inona no tanjona amin’ilay hoe mihira ?

**Joel : “***Ny dikan’ilay hoe Vazik, dia vazo sy mozika no natambatra ?. Roa lahy izahay no mpikambana ao anatin’ny tarika. Mbola tsy manana mpitendry aloha fa “playback” no ampiasaina rehefa mihira. Ny tanjona amin’ny mozika dia mba hamela hafatra tsara na fatsiarovana ho an’ireo taranaka any afara, voalohany. Fa faharoa, ny mba halaza ohatran’ireo artista namana rehetra* ».

**Gazetiko** : Mamoron-kira ve ianao ? Mirona na miresaka inona ny vazonao amin’ny ankapobeny ? Inona no tena manainga ny fanahinao ka mahatonga anao mahavita mamoron-kira ? Inona daholo ny gadon-kira ampiasainao ?

**Joel** : “*Eny, tena mamorona hira izaho. Amin’ny ankapobeny, mirona any amin’ny vavaka aloha voalohany indrindra ny tononkirako ; miresaka fitiavana aho, miresaka fiainana raisina eny amin’ny fiaraha-monina. Ny tena manainga ny fanahiko ka mahatonga ahy mahavita mamoron-kira. Ny feon-kira aloha no tonga aloha, ka raha vao mifanandrify amin’ny zavatra tadiaviko iny tonga dia mandeha ho azy. Izaho aza gafa hoe nahavita izany. Ny gadon-kira ampiasaiko : reggae, afro beat, zouk love, dombolo sy ny maro hafa. Izany hoe mivelatra amin’ny gadon-kira rehetra aho ary inoako fa mbola ho vitako* ».

***Gazetiko :*** Inona no sakana tsy hahafahanao mandefa ny hiranao amin’ny radio sy televiziona ? Inona no hitanao fa olan’ny artista ka mahatonga ny vazony tsy mandeha amin’ny haino aman-jery ? Efa misy izao ny fesiboky sy ireo karazana plateforme hahafahana mandefa hira. Inona no sakana tsy hahafahanao mandefa ny hiranao amin’ireny ?

**Joel** : “*Ny sakana dia ny hoenti-manana sy ny fahasahiranana ary indrindra ny tsy fisian’ny mpanohana. Amiko aloha ny hitako fa olan’ny artista ka mahatonga ny vazony tsy mandeha amin’ny haino amanjery : voalohany indrindra eo amin’ny tsy fisian’ny mpanohana sy ny hoenti-manana. Eny tompoko efa misy izao ny fesiboky sy ny karazana plateforme hahafahana mandefa hira. Ny sakana tsy hahafahana mandefa ny hirako amin’ireny dia ny tsy fisian’ny mpiara-miasa sy ny booste, fa miezaka mandefa ihany fa tsy dia hitan’ny olona loatra*”.

**Gazetiko** : Inona no hetahetanao amin’ny hitondrana ny talentanao ? Misy ve ny fiaraha-miasanao amin’ny artista efa malaza ? Raha ny fahitanao azy, mahavelona ve ny mihira eto amintsika ? Inona no asanao andavanandro ?

**Joel : “***Ny hetahetako amin’ny hitondrana ny talentako dia mba halaza sy hitondra zavatra tsara indrindra ho any olondrehetra ...misy ihany . fa tsy maro, raha fahitako ny eto amintsika a ! Mahavelona ny mihira rehefa malaza ny hira ka maro no maka anao. Ny asako andavanandro miambina*”.

***Gazetiko :*** Inona no toro-hevitra omenao izay te hihira na te ho mpanakanto ? Inona no antso ataonao amin’ny haino aman-jery sy ny tomponandraikitra eto amin’ny Firenena mba hanampy anareo artista vao misandratra ?

**Joel** : « *Ny toro hevitra omeko ho an’izay te hihira na te ho mpanakanto, dia hoe trandrao ny talenta ary miezaha foana fa valin’ny fiakarana tsy maintsy fidinana ary ankino amin’ny Tompo foana izay zavatra kasainao. Ny antso ataoko amin’ny haino aman-jery sy ny tomponandraikitra eto amin’ny Firenena mba hanampy anay artista vao misandratra. Vonona izahay ny hanome ny soa sy tsara ary zavatra mendrika ho anareo rehetra ! Enga anie mba ho tanteraka ny nofinofy* »

**Dinika nifanaovan’i Fy**

## Re...fa

### Lalie

#### Hapetraka hiala sasatra eny Ambohimalaza rahampitso

Araka ny vaovao azonay mikasika ny fahafatesan’i Lalie. Rahampitso alarobia 1 mey 2024 no fantatra fa hanaterana ny nofomangatsiakan’i Lalie hiala sasatra mandrakizay eny amin’ny fasan-drazany eny Ambohimalaza. Nanomboka tamin’ny alahady hariva ka hatramin’ny anio alina, dia eny amin’ny tranony eny Ambohimiandra no nandrasana izy. Amin’ny 11 ora no hivoaka ao an-tranony ary hoentina hatao veloma farany sy hanomezam-boninahitra an’Andriamanitra ao amin’ny Ekar Snt Etienne Ambanidia. Omaly hariva tamin’ny 5 ora sy sasany hariva no efa nanao andiany ireo mpanakanto namangy azy teny an-toerana. Mbola hitohy anio izany ho an’ireo izay tsy afaka nanatanteraka ny adidiny omaly. Mandria am-piadanana Lalie !

### Tony Bass

#### Mandalo tsy fahasalamana tanteraka ihany koa

Miditra hopitaly eny amin’ny Polyclinique Adventiste Mahazo ihany koa i Tony Bass. Andriamalala Nirina Tony no tena anarany. Mpitendry gitara beso, mpikirakira fanamafisam-peo. Voalaza fa tena lafo ny saram-pitsaboana azy ary efa manomboka sahirana ny fianakaviany. Mangataka fampaherezana sy tohana ara-bola ihany koa izy (Mvola 038 54 659 08) ary indrindra vavaka. Omaly antoandro no nandalo namangy azy ireo artista namany. Izahay dia mirary fahasalamana ho azy.

**Nangonin’i Fy**





Mozika Metaly

# Hiray sehatra eny Analamahitsy i Jennyfer Saha Ra sy Ma Sick



Homem-boninahitra manokana ny andriambavilanitra miangaly ny mozika mavesatra ny fampisehoana karakarain'ny Metal Zone eny Analamahitsy ao amin'ny Kianja maitso. Hiray sehatra ary samy hanolotra ny tsara avy any aminy i Jennyfer Saha Ra ao amin'ny tarika Seth On Fire sy Ma Sick mpitendry gitrara beso avy ao amin'ny tarika Dark Inside. Rahampitso Alarobia manomboka amin'ny 3 ora tolakandro ary ny fotoana omen'izy ireo ny mpankafy mozika mavesatra. Death Metal no tena mozikan'izy ireo izay mozika mitovy karazana amin'ny Mozika Mavesatra ihany ary ao anatin'ny gadona Rock. Hafana ny sehatra amin'io fotoana io. Hanakoako eny Analamahitsy indray ireo hira mampiakatra ambiansy sy mampihovitrovitra. Tafiditra ao anatin'ny fandaharan-kira Entin'i Jennyfer Saha Ra amin'io fampisehoana io ilay hira hoe "Fafao ny Ranomaso", "Mpandresy" , "Hafatra". Hira izay tsy afaka ambavan'ny mpankafy rock indrindra ilay feony somary mibetroka sy mitrerona kanefa mandona fo. Hiavaka ihany koa i Ma Sick mandrirta ity fampisheoana ity satria hataony manakoako ho ren-tany ny gitara besony ary tsy hampipetraka ny mpankafy mihitsy no tena tanjona miaraka amin'ilay feo mibetroka. Efa fantatry ny rehetra koa izay fahaizany mitendry gitara beso izay. Marihana fa samy efa za-draharaha sy matihanina eo amin'ny seho antsehatra raha izy roa vavy ireo. Betsaka ny zavatra tsy ampoziny nomanin'izy ireo hatolotra ny mpankafy mozika sy ny mpankafy Rock amin'io rahampitso io. Anisan'ny hanamarika ny hetsika rahampitso io ny fiakaran'ny Egraygore tarihin'i Patrick Raobelina. Efa vonona ry zareo ary efa eo am-pamerenana farany ny seho hatolony izy amin'izao fotoana izao fa ny mpankafy sisa no andrasana.

**Miorim-paka eto amintsika**

Marihana fa efa mahazo faka eto amintsika ny Rock ka tafiditra ao anatin'izany ny death Metal ary tanora no betsaka liana aminy. Tany am-piandohan'ny taona 1980 no nipoiran'ny "death metal". Naka endrika "thrash metal" izy tany am-boalohany fa mahery sy mavesatra kokoa. Ny tarika metaly toa an'i Slayer, Kreator, Celtic Frost ary Venom no anisan'ny mpisava lalana tamin'izany fotoana izany fa teo ihany koa ny tarika Master, Necrophagia, Morbid Angel, Obituary na Atheist. Nahasarika ny sain'ny haino aman-jery maro ity gandona ity tany am-piandohan'ny taona 80 sy 90. Ny marika malaza toa ny Combat, Earache ary Roadrunner no nanomboka nanao sonia ny tarika "Death metal"

**Tiaray R**



Samy efa za-draharaha sy matihanina eo amin'ny seho an-tsehatra.

Tarika Mialy Rakotomamonjy

# "Voky Fitahiana mahatretrika" etsy Antsahamanitra

Hanatanteraka seho goavana etsy Antsahamanitra ny tarika Mialy Rakotomamonjy rahampitso alarobia 1 mey. "Voky fitahiana mahatretrika" no lohatenin'io fampisehoana io, izay hanomboka amin'ny 2 ora sy sasany. "*Fa tena ho voky ny fanahy, ny maso sy ny sofina hahazo fahafinaretana, ny finoana hitombo. Ho voky fitahiana manetriketrika e*", hoy ny toky nomen'i Mialy Rakotomamonjy raha tafaresaka taminay. Matihanina tanteraka ny fikarakarana satria io no seho goavana hotanterahan' ny tarika amin'ny toerana lehibe sy ankalamanjana eto an-drenivohitra. Koa ny Ando Noum no miara-miasa amin'ny tarika eo amin'ny fanamafisam-peo, haingontsehatra ary jiro sy ny hazavana ankoatra ny zavatra tsy ampoizina nomanin'izy ireo.





Seho matihanina sy ambiansy no miandry izay tonga ao Antsahamanitra, rahampitso .

Fa etsy ankilan'izay, azo ambara fa fenofeno ny programan'ny tarika tato ho ato. Ny sabotsy sy ny alahady, matetika miakatsehatra izy ireo. Ny sabotsy teo ohatra, niaraka tamin'ny Gae'Tatsambo teny amin'ny FPVM Ambohimahitsy ny tarika ary ny alahady tao amin'ny Fjkm Ambohimandroso Alga sy Oméga.

**Miketrika**

Fa etsy ankilan'izay, miketrika tahirin-kira ny tarika. Mirakitra hira ranofotsiny io fa tsy misy rindrantsary (audio). Tahirin-kira faha-11 navoakan'ny tarika Mialy Rakotomamonjy io. Hisy ihany koa famoahana tahirindrakikira, misy rindran-tsary io, izay mitondra ny lohateny hoe "*24 carats*". Araka ny fanazavana, tahirindrakitsary faha-6 navoakan'ny tarika izy io, ary ireo vokatra roa ireo dia ho tsangamban'ny taona avokoa. Nambaran'i Mialy Rakotomamonjy fa misy programan' ny tarika hanao fitetezamparitra atsy amin'ny Nosy rahavavy (eto amin'ny oseana indiana). Fa ho antsika eto an-drenivohitra aloha, dia ny ao Antsahamanitra rahampitso no lehibe indrindra.

**Fy**

Mahaleo

# Hitondra ny kantony eny amin'ny Espace Nambinitsoa

Iaraha-mahalala fa Dama sy Bekoto sisa no akanga sisa nambarona tao amin'ny tarika Mahaleo. Tsy namela izany ho faty izy roa lahy fa manohy hatrany ny dian'ny tarika. Ny nahagaga dia rehefa izy mirahalahy sisa no tao anatin'ny tarika dia nitombo ny fampisehoana ka any anaty trano amin'ny alàlan'ny kabare no betsaka amin'izany. Manampy azy ireo hatrany anefa ny taranany. Ireto farany dia niofana sy nianatra mozika sy ny fomba fiakarana antsehatra ary hita ho efa tafiditra tsara. Ny Alahady izao dia eny amin'ny Espace Nambinitsoa eny Talatamaty indray no hitondra ny kantony ny Tarika Mahaleo. Hanampy azy ireo hatrany ny taranany



Manohana ny tarika Mahaleo amin'ny seho ataony ny taranany.

mandritra ny fampisheoana. Endrika Kabare ilay izy ary anatin'ny efitrano lehibe iray mahazaka olona 500 eo ho eo. Araka ny fanazavan'ny Dokotera Rado, tompony sady mpitanatana ny Espace Nambinitsoa fa "*aharitra ora telo eo ny fampisehoana ka ireo hira nahafantarana ny tarika nandritra izay fotoana maro izay no hatolotr'izy ireo ny mpankafy*". 15 andro lasa izao no efa namidy ny tapakila mikasika ity fampisehoana ity ka raha ny fanazavana dia efa lany ny tapakila tsotra ka ny tapakila VIP sy ny famandrihana no mbola misy. Hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro ny fampisehoana kanefa misokatra alohan'ny amin'ny 1 ora ny varavarana mba hialana amin'ny mety fifanosehana. Na izany aza dia mirindra sy milamina tsara ny fandraisana ny mpanjifa sy ny mpakafy rehetra. Hifanaraka tsara amin'ny hiran'ny tarika izay hatolony ny haingon-tsehatra sy ny jiro maroloko.

Tsy misy ny atahorana fa zo antoka tsara n y fitandroana ny fandriampahalemana ary malalaka tsara ihany koa ny toerana natao hiantsonan'ny fiara.

**Tiaray R**


## TOLOTRA MANOKANA Gazetiko

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

***Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.***

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

Fampanajana ny zon'ny mpiasa

# Mbola lavitry ny afo ny kitay

*Marihina eto Madagasikara isan-taona ny andron'ny 1 mey, na ny andro iraisam-pirenena ho an'ny asa. Ny matetika hita amin'ireo fihetsiketsehana ataon'ireo mpiasa sy sendika avy amin'ny fanjakana sy ny sehatra tsy miankina dia ny filaharambe miaraka amin'ny filanjana sorabaventy mitaky ny fampanajana ny zon'ny mpiasa malagasy. Miverimberina foana izany isan-taona ary zary lasa fahazarana fa toa tsy misy mihaino. Maro ireo mararin'ny mpiasa malagasy ankehitriny. Misedra olana koa ireo sendika amin'ny fanatanterahana ny asany. Anisan'ny manamafy izany ny fanehoan-kevitra nentin'ireto mpitarika sendika ireto nandritra ny tafatafa niarahana tamin'izy ireo.*

### Rajaonarison Nirina Herilala
## "Famonoana mpiasa an-kolaka ilay karama farany ambany"



Filohan'ny sendikan'ny mpiasan'ny CROUA (Centre Régional des Oeuvres Universitaires d'Antananarivo) no ahafantarana an'i Rajaonarison Nirina Herilala. Nambarany fa voahitsakitsaka be mihitsy ny zon'ny mpiasa malagasy, satria raha natao hiaro ny zo sy ny tombontsoan'ny mpiasa ny sendika dia mbola any amin'ny zo isika izao hoy izy fa tsy mbola tonga any amin'ny tombontsoa akory, ary nohamafisiny fa mbola lavitr'ezaka raha mitaha amin'ny firenen-kafa. Noraisiny ohatra amin'izany fanitsakitsahana izany ny zo hiaro tena sy ny zo hisitraka fiahiana ara-tsôsialy, izay mbola tena atao ambain-javatra kanefa mahakasika ny maha olona ny mpiasa, toy ny tsy fisian'ny fanafody any amin'ny toeram-piasana, ny fandoavam-bola rehefa hiteraka, sns. Notsipihiny ho anisan'ny tena mararin'ny mpiasa ankehitriny ny resaka karama. *"Famonoana an-kolaka ny mpiasa malagasy io karama farany ambany nofaritan'ny fanjakana io. Ambany loatra ny karama mitaha amin'ny fisondro-bidim-piainana. Tsy velona amin'ny karama raisiny intsony ny mpiasa fa miezaka miaina fotsiny. Tokony tsy ho latsaky ny 900 000 Ariary raha kely indrindra ny karama farany ambany raha hoan'ny mpiasa manambady sy manan-janaka roa."*, hoy Rajaonarison Nirina Herilala. Amin'ny maha mpitarika sendika azy dia nomarihiny fa teritery ny fanatanterahan'ny sendika ny asany eto amintsika, indrindra eo amin'ny lafiny fanehoan-kevitra. Lasa ataon'ny mpampiasa na ny mpitondra famaharana ny sendika hoy izy rehefa misy ny manahirana ireto farany. Raha ny heviny anefa dia tokony ho naman'ny mpampiasa sy ny mpitondra fanjakana ny sendika mba hampandeha tsara ny toeram-piasana iray. Ny fitakiana ny asa mandrika no nambarany fa tokony hotakiana rehefa amin'ny fanamarihana ny fetin'ny asa, ary tsy diso anjara amin'izany ho izy ny fijerena ireo zokiolobna tsy misitraka ny fisotroandronono.






Fihetsiketsehana nataon'ireo mpiasa sy sendika tamin'ny fanamarihana ny fetin'ny asa teo aloha.

### Rakotomanga Barson
## "Tsy hisy ny asa mendrika raha mbola misy fandikan-dalàna"



Nabaribarin'i Barson Rakotomanga, sekretera jeneralin'ny Randrana Sendikaly, ireo karazana fandikan-dalàna misy eny anivon'ny toeram-piasana. Voalohany amin'izany ny fandrirarina ny mpiasa marary amin'ny resaka taratasy sy ny tsy fanomezana fotoana hakany aina rehefa marary. Faharoa ny momba ny fanodikodinana ny 1 isanjato alaina amin'ny karaman'ny mpiasa, izay natokana ho an'ny fiahiana ara-tsôsialy. Misy amin'ireny no ambarany fa ahodikodin'ny mpampiasa fotsiny fa tsy mirotsaka eny anivon'ny CNaPS akory, ka zary lasa tsy misitraka fiahiana ara-tsôsialy toy ny volan-jaza, sns, ireo mpiasa. Fahatelo ny tsy fanaovana fanambarana eny anivon'ny CNaPS ny mpiasa niharan'ny loza teo am-panatanterahana ny asany noho ny tsy nahavitana ny fandrotsahana ny latsakemboka nataon'ny mpampiasa, ka tsabotsaboina fotsiny amin'izao ilay mpiasa. Fahefatra ny fanapahan'ny karaman'ny mpiasa nahazo fialan-tsasatra noho ny aretina, izay alaina amin'ny ora tsy niasany. Fahadimy ny momba ny fandroahana mpiasa, izay mbola misy fandrindrarina toy ny fanomezana taratasy fanamarinana arak'asa vonjimaika, izay tsy manaraka ny lalàna akory, fa fomba entin'ireo mpampiasa hialana amin'ny fanefana ireo zo tokony hositrahany. Ary farany ny fiarovana ny mpiasa eo anivon'ny toeram-piasana. Misy ireo fitaovana tsy maintsy ilaina amin'ny fanatanterahany ny asany, saingy any amin'ny mpiasa indray no angalana ny vola nividianana izany. *"Mbola sarotra ny hilaza fa tena misy fanajana ny zon'ny mpiasa eto. Zary lasa hanaovana fampisehoana amin'ireo mpamatsy vola sy mpiara-miombona antoka fotsiny ny fampanajana ny lalàna eny anivon'ny toeram-piasana. Tsy hisy mihitsy ny asa mendrika raha mbola misy ny fandikandalàna."*, hoy Rakotomanga Barson. Raha ny momba ny fanatanterahan'ny sendika ny asany kosa, dia nazava ny teniny fa malalaka raha ny lalàna no jerena, saingy mifanohitra amin'izany rehefa jerena ny zava-misy eny anivon'ny toeram-piasana. *"Miady hevitra foana ny mpampiasa tsy hidiran'ny mpiasa sendika. Raisin'ny mpampiasa ho fahavalo foana ny sendika. Ilay dinika sôsialy moa dia mbola tsy tafapetraka eto amintsika mihitsy. Hita ho tena voatohintohina ny fananganana sy fidirana ao anatin'ny sendika. Navaivay ny fanenjehana sy fandroahana mpitarika sendika tao anatin'ny 10 taona lasa, ary abaribarin'ny fanjakana ny tsy firaharahiana sendika."*, hoy hatrany ity sendikalista ity.

**Notontosain'i R. Muray sy Nath**

### FISEMARE
## "Mihamahazo laka ny herisetra ara-nofo eny anivon'ny toeram-piasana"

Tafatafa niarahana tamin'ny sekretera jeneralin'ny FISEMARE na Firaisamben'ny sendika malagasy revolisionera, Mananandro Jean Raphael, sendika anisan'ny matanjaka indrindra eto amintsika satria misy mpikambana hatrany amin'ny 9000 no entina amintsika. Marobe hoy izy ny olana mbola sedrain'ny mpiasa malagasy ary tsy karama no omena amin'izao io satria eny an-dalana dia lany. Misy ny hetsika tanterahin'izy ireo ny 1 may 2024 izao miainga eny Tsaramasay mihazo ny Parvis. Efa nanaiky ny Prefektiora saingy hatramin'ny ora farany nanoratanay mbola tsy nanaiky ny CUA. Efa endrika tsy fanajana ny zon'ny mpiasa izany hoy Mananandro Jean Raphael, SG Fisemare.

**GAZETIKO : Azonao tantaraina ve ny niandohan'ny fanamarihana ny fetin'ny asa ?**

**Mananandro Jean Raphael, SG FISEMARE:** Tany Amerika no nanomboka ny fitakiana Voalohany ka ny hampidinana ny ora fiasana ho lasa 8 ora isan'andro raha 12 hatramin'ny 14 ora izany tany an-toerana. Marobe ireo mpiasa namoy ny ainy sy naratra tamin'izany fotoana izany saingy tanteraka ihany ny fangatahana. Ho antsika teto Madagasikara kosa, nanomboka tamin'ny 1972 no nisy fifanarahana iraisam-pirenena izay nosoniavintsika ary miandry ny fampiharana izany.

**GAZETIKO : Inona ny karazana fitarainan'ny mpiasa voarainareo ?**

**SG Fisemare :** Mihamahazo laka ny herisetra ara-nofo eny anivon'ny toeram-piasana. Mitranga izany rehefa mitady asa na ihany koa misy fiakarana na « promotion » ny mpiasa. Ny olana anefa, tsy sahy mitoroka ireo mpiasa, indrindra ny vehivavy raha manambady. Tsy izany ihany fa manjaka ihany koa ny kolikoly ka lasa atody miady amambato ny mpiasa koa aleony mangina. Ireo tovovavy mbola mitovo no betsaka mitaraina noho izany. Eto amintsika anefa nisy ny fifanarahana iraisam-pirenena izay efa neken'i Madagasikara saingy mbola tsy tanteraka hatramin'izao. Betsaka ny asa sy fanentanana ataon'ny Fisemare amin'ity taona ity noho io tranga io. Fitarainana maro loko no voaray satria mbola misy ny orinasa no mampiasa hatrany amin'ny 12 ora isan'andro ireo mpiasa. Betsaka ihany koa ireo orinasa miasa alatsinainy hatramin'ny alahady kanefa tsy mifanaraka amin'izany ny tambinkarama. Mikasika ny fiahiana ara-tsosialy kosa, mikambana ao amin'ny CNaPS ny ankamaroan'ny mpiasa saingy tsy voaloa ny latsakemboka. Efa misy ihany koa ny volavolandalana hisitrahan'ny mpiahy tena fiahiana ara-tsosialy saingy iankinana zavatra betsaka izany indrindra ny fahefamividy. Ny fiahiana ara-pahasalamana indray, betsaka no tsy mikambana ireo mpiasa malagasy.

**GAZETIKO : Inona no azonareo ambara mikasika ny karaman'ny mpiasa ?**

**SG Fisemare :** Ny fisondrotana karama teo dia miankina amin'ny asa natao, ny vokatra novokarina fa tsy karama velively. Mbola eny an-dalana ny karama raisin'ny mpiasa malagasy amin'izao dia lany fa tsy tonga any an-trano. Raha ny tokony ho izy, 1 tapitrisa ariary ny karama vao mahavelona amin'izao vanim-potoana iainantsika izao. Ny vidim-piainana rahateo iaraha-mahalala fa tsy mitsahatra miakatra.




Gazety nivoaka tamin'ny 29 aprily 2015 mikasika ny zavatra iainan'ny mpiasa ao anatin'ny tontolon'ny asa.

Andron'ny 1 mey

# Hanao diabe mihazo ny Lapan'ny tanàna Analakely ny mpiasa sy ny sendika

*Mbola tsy nivoaka ny fahazoan-dalana.*




**Hetsika fanokafana ny fanamarihana teny Antaninarenina.**

Rahampitso alarobia 1 mey ny andro iraisam-pirenena natokana ho an'ny asa. Toy ny mahazatra isan-taona dia misy ny hetsika fanamarihana ataon'ireo sendika sy mpiasa marobe eto amintsika na avy amin'ny fanjakana na avy amin'ny sehatra tsy miankina. Amin' ny alalan'ny diabe mihazo ny Lapan'ny tanàna Analakely no hoentin'izy ireo manatanteraka izany rahampitso. Toerana telo no iaingan'ireo mpilahatra dia eny amin'ny Antanimenabe Ankazomanga sy 67 Ha ary Mahamasina. Hisy ny fanentanana sy hetsika fitakiana maro samihafa hatao rehefa tonga eo amin'ny tokontany malalaky ny Lapan'ny tanàna Analakely. *"Andro natokana hanaovana fitakiana ny 1 mey, ka tsy maintsy misy ny fidinana an-dalambe sy ny fanaovana diabe. Mitaky adidy sy andraikitra avy amin'ny mpiasa sy ny sendika anefa izany, satria amin'io fotoana io no hanehoana ny hery fa ireo ny mpiasa miaraka amin'ny sendika. Raha vitsy isika no tonga dia rariny loatra raha tsy rarahian'ny fanjakana sy ny mpampiasa. Raha tonga marobe kosa anefa dia midika ho fanehoan-kery hoentina manova ny tsindry sy manozongozona ny fanitsakitsahana ny zon'ny mpiasa sy ny fahalalahan'ny sendika."*, hoy Barson Rakotomanga, sekretera jeneralin'ny Randrana sendikaly. Mbola tsy nivoaka kosa ny taratasy fahazoandàlana amin'ny fihetsiketsehana ataon'ireo mpiasa sy sendika raha efa tany amin'ny fiandohan'ny volana avrily tamin'ity taona ity ohatra no efa nametraka fangatahana ny teo anivon' ny Randrana Sendikaly. Omaly, tao amin'ny zaridainan'Antaninarenina, nisy ny hetsika fanokafana nataon'ny fivondronana sendika, izay notarihin'ny Randrana Sendikaly sy ny SSM (Solidarité Syndicale de Madagascar) niaraka tamin'ny sendika hafa. Namaly ny hetahetan'ny mpiasa mikasika ny zony ireo tranoeva hita teny antoerana.

**R. Muray**

Météo

# Mianatsimo ilay tangoron-drahona hita any amin'ny 750 km an'Antsiranana



**Ho betsaka hatrany ny orana any faritra Afovoany sy Avaratra Atsinanan'ny Nosy.**

Omaly tamin'ny 12 ora, tany amin'ny manodidina ny 750 km avaratra, somary avaratra andrefan'Antsiranana no nisy ny foiben'ilay tangoron-drahona izay hita ao avaratry ny lakandranon'i Mozambika. Nikisaka nianatsimo ny diany. Manodidina ny 30 hatramin'ny 40 km isan'ora ny rivotra miaraka aminy ary arahina tafiotra 50km isan'ora ao anaty oram-baratra. Nambaran'ny sampana mpamantatra ny mety ho toetry ny andro fa tsy hanambana mivantana an'i Madagasikara ity tangoron-drahona ity raha ny fironan'ny antontankevitra. Tombanana ho betsaka hatrany ny rotsak' orana any amin'ny faritra afovoany sy avaratra atsinanan'ny Nosy hatramin'ny Alakamisy, mety hahatratra 40 hatramin'ny 90 mm izany ao anatin'ny 24 ora. Nahazo fampitandremana mikasika izany ny faritra Sava, Analanjirofo, Ambatosoa ary Atsinanana. Tombanana hikisaka miadana mianadalana mianatsimo sy Atsimo Andrefana ity tangorondrahona ity ato anatin'ny 2 andro manaraka ary mety hitombo hery tsikelikely ho lasa andro ratsy. Ambany na antonony kosa ny herijika hahalasa rivodoza azy ato anatin'ny 3 andro manaraka. Na izany aza anefa, tsy mbola azo ahilika tanteraka ny mety hisehoan'io tranga io mandritra ny telo na efatra andro manaraka. Tombanana ho betsaka hatrany kosa ny rotsak' orana any amin'ny faritra Afovoany sy Avaratra Atsinanan'ny Nosy hatramin'ny Alakamisy noho ny tanjaky ny varatraza, ka mety hahatratra 40 hatramin'ny 90mm izany ao anatin'ny 24 ora. Misy araka izany ny fampitandremana manoloana ny mety ho an'ny faritra Sava, Ambatosoa, Analanjirofo ary Atsinanana.

**Nath**

Fikambanana mpanao gazety zokiolona

# Tontosa ny fanofanana ireo mpianatra 13 mianadahy

Nifarana ny faran'ny herinandro lasa teo ny fanofanana mpanao gazety izay niarahana tamin'ny fikambanana mpanao gazety zokiolona. Nisy 13 ireo niatrika "soutenance" ka i Yves Samoelijaona, mpanao gazety solontenan'ny filohan'ny holafitry ny mpanao gazety no filoha mpitsara. Mpitsara ihany koa i Jen Raharinivo izay mpampianatra mpanabe mpampiofana, Razaka Oliva mpanao gazety mpitsara ny tolotr' asa ary nanotrona izany Andriamorasata Solo Nore filohan'ny mpanao gazety zokiolona. Andiany faharoa izy ireto ka nisy ny fampahafantarana ny asa vita, fifampizarana sy fampitana traikefa amin'ny alàlan'ny mpanao gazety zokiolona. Tanjona ny hanana mpanao gazety masaka ara-potokevitra sy mpanao gazety mpanafitsofina ho fampiroboroboana ny asa fanaovan-gazety. Samy nahazo "mention tres bien" izy 13 mianadahy ireo ary amin'ny 10 may izao no avoaka amin'ny fomba ofisialy. Nilaza Razaka Oliva fa : "*nisy ny ezaka nataon'ny ankizy, mila fanatsarana ny fifehezana ny teny malagasy.*" Voaresaka tamin'io soutenance io ny resaka kolontsaina, politika, toekarena, iraisam-pirenena sosialy izay fototra iaingain' ny vaovao omena ny olona.



**Mpanao gazety matihanina sy mahafehy ny asa no tena ilaina.**

**Nangonin'i Nath**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Ny fisehoana ho modely tsara ho an'ny hafa no toriteny tsara indrindra."

**Ny Vetso (25. 05. 14)**

("A good example is the best sermon ! Benjamin Franklin /Stateman and philosopher)

Fiarahamonim-pirenena Kristianina momba ny fanabeazana

# Mila fanovana ifotony ny hiatrehana ny fihazakazaky ny fandrosoana

Tsy ampy ny dingana hiatrehana ny fanamby ho an'ny tena fampandrosoana raha ny fanabeazana nisy teto Madagasikara hatramin'izay ka lasa tsy hita taratra ny maha tohana ho an'ny fiharian-karena nentina ho an'ny Malagasy. *"Mila fanovana ifotony ny fanabeazana eto amintsika hiatrehana ny fihazakazaky ny fandrosoana misy maneran-tany. Maro ireo firenena teto Afrika no mbola tany aorian'ny firenentsika tany amin'ny 50 taona lasa izay ka nihazakazaka nandefa mpianatra teto amintsika, saingy jereo izy ireny amin'izao fa lasa lavitra raha mitaha amintsika. Ilay efa fanabeazana nomena an-dry dadabe sy bebe tamin'izany ihany no mbola sakafom-panabeazana atolotra an'ireo taranaka amam-para hatramin'izao taona arivo fahatelo izao. Noho izany mila hafainganina ny fanovana ny fanabeazana eto Madagasikara fa lasa tsy misy ho avy mamiratra ny taranaka Malagasy"*, hoy ny Fiarahamonim-pirenena Kristianina momba ny fanabeazana taminay omaly. Raha ny zava-misy dia efa tapitra tamin'ny taona 2022 ny drafipirenena momba ny fanabeazana na ny PSE. Tamin'io taona io ihany anefa dia nolaniana ny lalàna vaovao 2022-018 mamaritra ny tondrozotra itondrana ny fanabeazam-pirenena mahakasika an'ireo Minisitera telo tonta misahana ny fanabeazana eto Madagasikara dia: ny Minisiteran'ny fanabeazam-pirenena; ny Minisiteran'ny fampianarana teknika sy ny fanofanana arak'asa ary ny Minisiteran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana aratsiansa.

*"Mila hafainganina ny fanovana ny fanabeazana eto Madagasikara"*

**Lohalaharana**

*"Misy ireo Minisitera telo ireo nentina manamafy ny tanjon'ny fanabeazana dia ny mba hamolavolana olompirenena vonona sy vanona mpandray anjara amin'ny toekarena sy ny sosialy, fa tsy mionona fotsiny amin'ny fahaiza-mamaky teny sy manoratra ary mikajy. Voalohany tamin'ny fiainam-pirenena ny nanomezana laharampahamehana tamin'ny politikam-panabeazana"*, hoy ihany ity fiarahamonim-pirenena ity . Tsy izany ihany fa na ny firenena mikambana koa dia mamaritra tamin'ny taona 2022 fa atao lohalaharana amin'ny politika eran-tany ary tokony hirona amin'ny fanovana ifotony ny fanabeazana hiatrehana ny olana sy fivoarana izay mihazakazaka erantany, araka ny fivoriambe natao tany New York Etazonia tamin'ny volana septambra 2022. Firenena tanora i Madagasikara, ny antsasa-manilan'ny mponina eto amintsika dia ankizy latsaky ny 1 taona avokoa. Marolafy ny fanamby atrehan'ny rehetra satria tsy tokony apetraka amin'ny fitondrana foibe irery ihany ny fitadiavana vahaolana sy manana andraikitra ami'ny fanabeazana. Tsara ho fantatra fa hoy i Nelson Mandela, filoham-pirenen'i Afrika Atsimo teo aloha hoe *" ny fanabeazana dia afaka manova an'izao tontolo izao"*, izy izay mpitolona malaza eran-tany tamin'ny ady atao ho an'ny fanavakavahambolonkoditra. Manamafy izany fa ny fanovana ny fanabeazana dia antoka ho an'ny fampadrosoana ny firenena iray ka ilaina ny hanafainganana ny fanovana ifotony. Hanao atrikasa moa ny firaisamonim-pirenena Kristianina momba ny fanabeazana amin'ny 7, 8, 9 mey 2024 ho avy izao eny Mandriambero manditra ny hateloana.

**HAR**



Ady totohondry - Jobilin-dRazanakolona René

# Homarihana amin'ny fifaninanana katrokady etsy Mahamasina

*Tsiahivina, mpanao Ady Totohondry fahiny Razanakolona René, izay lasa mpanazatra sy mpitantana klioba amin'izao.*

Feno 78 taona Andriamatoa Razanakolona René amin' izao fotoana izao izay 59 taona niainana sy nanaovana ny haiady Totohondry. Tsy avelany handalo fotsiny izany fa hisy ny hetsika hanamarinana azy. Hakotrokotroka ny taon-jaobily satria dia nisy ny komity natsangana hikarakara ny hetsika, izay tarihan-dRakotonindriana Parfait. Amin'ny 3 sy 4 Aogositra 2024, samy manomboka amin'ny 2ora tolakandro ao amin'ny Kianja mitafon'i Mahamasina no hanaovana ireo hetsika fankalazana ity taon-jobily ity. Handray anjara amin'io ireo fotoana ireo ny mpianany fahiny tao amin'ny Klioba COSFAP-COSFA sy ireo tao amin'ny Ekipa Nasionaly Malagasy FMB ary ny zanany sy ilay zafikeliny mipetraka any Frantsa. Manasa ny rehetra hoavy hanatrika sy hanome voninahitra ity olobe nametraka ny tantarany teto Madagasikara ho an'ny taranja Ady totohondry ity moa ity Komity mpikarakara ity. Tsiahivina, manana ny "Commandeur de l'Ordre National Malagasy" Razanakolona René, izay mpanao Ady Totohondry fahiny, avy eo lasa mpanazatra tao amin'ny Klioba COSFAP-COSFA sy ny Ekipa Nasionaly tao anivon'ny Federasiona Malagasy ny Ady Totohondry, ary hatramin' izao dia mbola mampianatra boxe any amin'ny Klioba iray eny Fenoarivo Atsimondrano. Betsaka ireo Boxeur nahazo tombotsoa tamin'ny fampianarany na teto Madagasikara izany na ireo tany ivelany, ka heverina fa mendrika ity olobe ny Ady Totohondry ity ny tolorana fankasitrahana tamin'izany zava-bitany izany. Nitondra fisaorana ireo rehetra mpiara-miasa sy mpanohana ka nahafahan'ny komity hikarakara ity hetsika taon-jaobily ity izy ireo.




Nandritra ny fampahafantarana ity hetsika tafiditra amin'ny taon-jaobilin-dRazanakolona René.

**Rabenaivo**

Run - "Mobil Drag Racing XXL"

# Tompondakan'ny "Super Run" i Bryan Ratsivahiny



Tonga nanohana an'i Bryan teny Arivonimamo ny fianakaviany.

Tontosa ny Alahady teo tetsy amin'ny Base aérienne 213 Arivonimamo, ilay fifaninanana "Mobil Drag Racing XXL". Ny club Runmada no nikarakara izany, izay tafiditra amin'ny dingana voalohany amin'ny fiadiana ny Tompondakan'i Madagasikara, ho an'ny Run. Nandray anjara avokoa ireo sangany rehetra eo amin'ity fifaninanana ho an'ny fiarakodia haingam-pandeha ity. Anisan'ny vokatra niavaka ny azon'i Bryan Ratsivahiny, nitondra ny fiara 205 Tonnere, izay vao 16 taona kanefa dia afaka nifanandrina tsara tamin'ireo kalaza maro. 13"1 no fe-potoana tsara nahavitany ny halavirana 400m nifaninana, ka naha-voahosotra azy ho tompondaka teo amin'ny "Super Run". Arahan'ny rehetra maso akaiky ity mpanamory mbola tanora ity, izay tsy mitsaha-mivoatra haingana eo amin'ity fifaninanana ity ary tombanan'ny maro fa hahavita handavo ireo kalaza zokiny atsy ho atsy. Raha hiverenana ny mahakasika iny hetsika natao tetsy Arivonimamo iny, dia i Bobo mitondra ny fiara Evo5 Mobil no nahazo ny laharana voalohany, izay nahavita ny halavirana tao anatin'ny 9"13 ; Nahafinaritra ny fifanandrinana teo aminy sy i Jaytax, nitondra ny fiara M x Drive saingy i Bobo no nahery. Amin'ny 2 jona indray moa ny dingana faharoa amin'ity RUN ity, ka samy miandrandra izay ho vokatra eo ny rehetra.

**Rabenaivo**

Hand - "Licence D IHF"

# Mpanazatra 20 no nampiofanin'ilay expert Alain Dessertene

Notanterahana tetsy amin' ny Lapan'ny Fanatanjahantena Mahamasina, ny 24 hatramin'ny 28 avrily lasa teo, ilay fampiofanana hahazoana ny "Licence D IHF", taranja Handball. Mpanazatra Malagasy miisa 20 avy amin'ireo ligim-paritra 7 no nandray anjara tamin'izany, ka ilay manam-pahaizana manokana, Alain Dessertene no nizara ny traikefany tamin'izany. Ny International Handball Fédération(IHF) niara-niasa tamin'ny Confédération Africaine de Handball(CAH) no naniraka ity manam-pahaizana manokana ity, hanofana ny mpanazatra Malagasy nandritra ny 5 andro. Tamin'ny 25 avrily no nanaovana ny lanonam-panokafana ny fiofanana, ka nanome voninahitra izany Andriamatoa Aina Tafitasoa Andriterakandriana, Tale miandraikitra ny spaoro avo lenta eo anivon' ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena, sy ny filohan'ny federasiona, Ramatoa Regina Clarisse Raheriarijaona. Samy naneho ho afa-po tamin'ny fiofanana avokoa ireo mpiofana, ary nampanantena fa hampihatra izay noratovina nandritra izany. Tamin'ny lanonam-pamaranana kosa no niditra mivantana tamin'ny alàlan'ny visio conférence ny Minisitra ny Tanora sy Fanatanjahantena mpisolo toerana, Valéry Ramonjavelo, izay nanamafy ny fahavonona hanampy sy hiaraka amin'ny federasiona amin'ireo tetikasa hampivoarana ny taranja Handball. Nofaranana tamin'ny fizarana ny "certificats" manamarina ny fandraisana anjara tamin'ny fampiofanana ny lanonana.




Ireo mpiofana miaraka amin'ny mpampiofana sy ireo olo-manakaja maro.

**Rabenaivo**

## TSIPAKA

Ela ny ela, novahan'ny Federasiona Iraisampirenena (FIPJP) ihany ny sazin'i Madagasikara, ho an'ny taranja Tsipy kanetibe. Narahana avokoa ireo teniny sy zavatra notakiany ka volana vitsy taty aoriana, nivoaka iny fanapahankevitra, izay nahafaly ny mpiondana sy mpankafy ity taranja ity, izay tsorina fa tena hain'ny Malagasy ny milalao azy.

### Enga anie !

Vaovao tsara ny faran'ny herinandro teo no nahoraka teny anivon'ny tontolon'ity taranja ity, niainga sahady koa anefa ireo fanamarihana sy ahiahy isan-karazany, mahakasika ny hoe raha mivaha ny sazy, efa azo antoka indray koa ve fa handeha tsy hisy ahiahy hanatrika ireo fifaninanana iraisam-pirenena miandry azy ny ekipampirenena Malagasy. Ny fiadiana ny Tompondakan'i Afrika, hatao atsy Maraoka afaka volana vitsy no voalohany amin'izany, izay efa nanambara ny mpitantana ny FSBM fa hanomboka avy hatrany hifampiresaka amin'ny fitondrampanjakana sy ireo orinasa mpanohana azy. Raha efa fantatra tokoa mantsy ny ekipa solontenantsika, dia saika ity olana handeha tsy handeha ity no mampatahotra ny mpankafy ny Fanatanjahantena eto amintsika. Antenaina, fa anisan' ny taranjam-panatanjahantena tena manavanana an'i Madagasikara izy ity, ka tafiditra anatin'ireo federasiona tsy maintsy tohanana sy ampiana, hahafahany miatrika ity fiadiana ny tompondakan'i Afrika ity. Miandry antsika rahateo ny any ivelany rehetra any, indrindra fa ny FIPJP sy ny Kaonfederasiona Afrikana, izay mbola mametraka teboka vitsivitsy maromaro ao andamosin'ny mpitantana ny FSBM, ka raha sanatria mibolisatra amin' ireo dia mety hiverina sy ho mafimafy noho ny tany aloha ny sazy hahazo an'i Madagasikara. Mbola misy koa ireo latsakemboka tsy voaloa nandritra ny taona maromaro, ka antenaina fa hijery akaiky izany ny Minisitera, izay anjarany no manefa izany. Inoana noho izany fa fiverenana masiaka no asehon'ny solontenantsika any Maraoka, ka avy hatrany dia ataony mahita an'i Hery Morondava avokoa ny mpifanandrina rehetra.

**Rabenaivo**

"Africa CUP - FIBA 3x3"

# Hatao eto amintsika ny fifaninanana amin'ny faramparan'ity taona ity




Manantena azy ireo hahazo tapakila amin'ny J.O 2024. (Sary : a.r)

*Efa saika mirona amin' ny filalaovana FIBA 3x3 ny ankamaroan'ny ankizy sy ny tanora amin'izao fotoana izao.*

Neken'ny mpitantana ny FIBA Afrique ny fangatahan' ny Federasionina Malagasy ny Basket-ball (FMBB) ny fandraisana ny fiadiana ny tompondakan'ny "Africa CUP 2024 – FIBA 3x3", eo amin'ny sokajy lehilahy sy vehivavy "Senior", izay ho tanterahina eny amin'ny lapan'ny kolotsaina sy fanatanjahantena Mahamasina amin'ny zoma 29 novambra 2024 ka hatramin'ny alahady 01 desambra 2024. Araka ny famarihana nataon' ny Filohan'ny FMBB, Atoa Jean Michel Ramaroson Mika", dia mahatratra 20 isaky ny sokajy avy ny isan'ny ekipa mandray anjara. Tsapa araka izany fa ambohi-pihaonan'ny mpankafy basket-ball, lalaovin'ny olon-telo miaraka indray izany ny firenentsika, izay tamin'ny Lalaon'ny Nosy 2023 no nandraisantsika fifaninanana iraisam-pirenena farany taty anivon'ny oseanina indianina, ka nandrombahan-dry Livio sy Muriel ny medaly volamena. Anterina fa efa mahazo faka lalina eto amintsika ny fanaovana FIBA 3x3. Efa saika mirona amin'ny filalaovana azy ity ny ankamaroan'ny ankizy sy ny tanora amin'izao fotoana izao. Voalaza fa efa vonona amin'ny fanohanana sy ny fanampiana ho entiny amin'ny fandraisana an'ity fifaninanana ity ihany koa ny orinasa mpiara-miombon' antoka tamin'ny FMBB hatramin'izay (Telma – Star – CNaPS – Hotel Radisson) sy ny vao niditra toy ny CTMotors .

### Hampiantrano ny "Forum Africain"

Ankoatra ny « Africa Cup – FIBA 3x3 » dia mbola hampiantrano ny andiany faha-5 amin'ny « Forum Africain – Mini Basket » koa ny kianjaben'i Mahamasina, izay ahitana kianja fanaovana basket-ball miisa enina, amin'ny alatsinainy 15 ka hatramin'ny alakamisy 18 jolay 2024. Nambara fa mahatratra 400 ny isan'ny ankizy hiatrika an' izany hetsika lehiba izany, izay eo ambany fampianaran'ny mpanazatra afrikanina sy malagasy, ary eo ambany fanaraha-mason'ny "experts"-n'ny FIBA Afrique. Fantatra fa kianja mifanaraka amin'ny taona sy ny habe ary ny halavan'ny mpilalao no ampianarana ny fototra amin'ny filalaovana basket-ball, toy izany koa ny baolina ampiasaina. Nasiampanazavana ihany koa ny fifaninanana iraisampirenena hafa, izay mbola miandry ny ekipam-pirenena Ankoay, toy ny ACNOA "U13" zazalahy sy zazavavy atsy Seychelles amin'ny 06 – 11 mey 2024 – Ny fandraisana anjara amin'ny "Olympic Qualifying Tournament ( FIBA 3x3» hatao any Debrecen (Hongrie), nampisehoana an'ireo mpilalao efatra mirahalahy hiatrika an'izany fiaminanana izany (Livio Ratianarivo – Elly Randriamampionona – Arnol Alpha Solondray – Anthony Rasolomanana), tarihin'ny mpanazatra Jean de Dieu Randrianarivelo "Coach Deda"). Nampanantena ny kapiteny Livio Ratianarivo fa hanao ny tratry ny heriny ny mpilalaontsika amin'ny fahazahoana ny tapakila amin'ny fiatrehana ny lalao olympika . Tsy adinon'i Mika koa ny nanazava fa vonona amin'ny fiatrehana hatrany ny "Road To Bal" ny klioba tompondakam-pirenentsika, izay nisoloan'ny COSPN tena an'i Madagasikara tamin'ny taon-dasa. Toraka izany koa ny fifaninanana eto an-toerana, toy ny "Shoot Out – FIBA 3x3" sy ny fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara "N1A" mandroso eo amin'ny ekipa lehilahy sy vehivavy, izay tanterahina any Antsirabe. Toraka izany koa ny fifaninanam-pirenena ho an'ny sokajy isan-karazany, hizotra any amin'ny faritra maro.

**aris rafaly**

Judo - Laura Rasoanaivo

# Mbola manenjika isa raha te hiatrika Lalao Olympika 2024 any Paris



Mbola handrandraina an'i Laura Rasoanaivo !

Tsy mbola very fanantenana amin'ny fiatrehana ny Lalao Olympika 2024 , izay hatao any Paris renivohitr'i Frantsa, i Laura Rasoanaivo raha mahazo isa ilaina amin'ny fandraisana anjara amin'io fifaninanana iraisam-pirenena goavana eran-tany io. Araka izany dia mbola miandry an'ity mpikatroka amin'ny haiady judo ity ny "Grand Slam de Dushambe", hatao any Tadjikistan amin' ny 3 sy 5 mey 2024, sy ny fiadiana ny tompondaka eran-tany any Abu Dhabi afaka telo herinandro. Taorian'ny nandrombahany ny medaly alimo farany teo, nandritra ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika tany Le Caïre renivohtr'i Egypte, izay nahazoany isa 350 dia mahatratra 1417 izany izao ny fitambaran'ny isa azon'i Laura Rasoanaivo. Tsy kivy tsy ketra izy fa manomantena fatratra amin'ny fiatrehana an'ireo fifaninana ireo. Raha tsiahivina ny dingana vitan'ny atletantsika ity tany Le Caïre dia Laura Rasoanaivo irery ihany no nahazo medaly, taorian'ny nandreseny an' ilay kamerunezy Niami Zita Ornella, teo amin'ny sokajy latsaky ny 70 kilao. Tao anatin'ny 2 minitra sy 7 segondra monja no niadiany tamin'ny mpifanandrina taminy, izay nahazoany "Waza-ari" anankiroa ka naha "nippon" an'i Ornella avy hatrany. Nisedra fahasahiranana izy, raha nifandona tamin'ilay maraokanina Belattar Sofia, teo amin'ny fihaonana voalohany nataony, izay nanaovany fahadisoana ka nanintsana azy tamin'ny "hansokumake". Tao anatin'ny 5 minitra 17 segondra ny adin'izy mirahavavy ireo. Nihoitra mafy kosa anefa izy teo amin'ny fanaovana "repechage", ka tsy namelany raha tsy lavony tamin' ny "ippon" ihany koa ilay angolezy Bento Olga. Naharitra 3 minitra 5 segondra ny adin'izy roa vavy ireo. Tamin'ireo atleta telo mianadahy nisolotena antsika, niatrika an'ity fifaninanana ity, niaraka tamin'i Laura Rasoanaivo, dia tany amin' ny laharana faha-7 no nisy an'i Angelo Rakotonandrasana. Nihintsana avy hatrany teo amin'ny ady voalohany nataony avy kosa i Christiane Vital ( - 52 kg) sy Natacha Rabevazaha ( - 48 kg).

*Nisedra fahasahiranana izy, raha nifandona tamin'ilay maraokanina Belattar Sofia, teo amin'ny fihaonana voalohany nataony.*

**aris rafaly**

## Ako samihafa

**Basket – LRBB**

**Nampiofana ny mpanazatrany**

Ho fampiakarana hatrany ny lentan'ny basketball eto Analamanga dia nanapakevitra ny Filohan'ny Liginy, Atoa Hery Andriatsima sy ny ekipa miaraka aminy, ka nanantanteraka ny fampiofanana ny mpanazatrany teny amin'ny Section Ambohidratrimo, nandritra ny andro maromaro. Coach Tojo Rasamoelina, Tale Tekinika Nasionaly teo aloha, no nitarika ny fampiofanana, izay nahitana mpiofana maro. Ilaina tokoa ny fampiofanana mpanazatra tahaka izao, na mialoha na aorian'ny taompilalaovana, isorohana ny fahatarana eo amin'ny fivoaran'ity taranja ity amin'ny sehatra iraisampirenena.

**Hand – Fiofanana**

**Mpanazatra 10 nahazo "Licence"**

Tao anatin'ny dimy andro no nanofanan'ilay "Expert"-n'ny "Confédération Africaine de Hand-Ball" avy any Suisse, Atao Alain Dessertene, an'ireo mpanazatra 10 nahazo ny "Licence D", ahazoana mitantana ny ekipam-pirenena miatrika ny IHF Trophy. Ho fampiakarana hatrany ny lentan'ny mpanazatra dia fantatra fa hisy fiofanana arahina fanadinana, ahazoana ny mari-pahazaina "Licence A" ihany koa tanterahina any Egypte amin'n volana jona ho avy izao. Hamaranana ny taona dia fanofanana ny mpanazatra ahazoana ny "Licence C" amin'ny volana oktobra 2024.

**Echecs**

**Nahazo ny anjara fifaninanany ny vehivavy. –**

Notanterahina tamin'ny faran'ny herinandro lasa teo iny, teny amin'ny La City Ivandry, ny "Tournoi EL FIDE" natokana ho an'ny vehivavy. Izany no nataon' ny federasionina (FMJE) dia ho fanentanana sy fitarihana ary fampiakarana ny lentan'ny vehivavy amin'ny filalaovana ny "echec".

**"Tournoi QUADRI TEAMS"**

–Tafiditra ao anatin'ny "Basket-ball Tour 2024", karakarain'ny SBBAR sy ny Athletes Inter-Action ny fanaovana an'ity fifaninanana ity. Ho fampirisihina ny mpilalao dia tonga nitsidika sy nitondra ody ambava-fo fanohanana ny ekipan'izy ireo avy ny Filoha Sousone sy ny mpiara miasa aminy

**Tompondaka "National 2" frantsay. -**

Vokatry ny baolina tokana tafiditr'ilay mpilalao malagasy Nomena Andriantiana, tao anaty haraton'ny ekipan'i Hyeres, dia tafiakatra amin'ny sokajy "National (D3)" ny ekipan'i Aubagnes (N2) amin'ny taom-pilalaovana manaraka. Mitana ny toeran'ny vodilaharana i Nomena kanefa mahavita fanafihana miaraka amin'ny lohalaharana.

**Volley**

**Tompondakan'Analamanga**

– Nandritra ny lalao fifanintsanana amin'ny fiadiana ny tompondakan'ny Ligin'-Analamanga, teo amin'ny sokajy divizionina voalohany lehilahy, dia mbola noporofoin'ny ekipan'ny zandary ny maha sangany azy amin'ny filalaovana ny taranja volley-ball. Resin'ny ekipa faharoan'ny GNVB tamin'ny seta 3 no ho 2 ny COSFA, ka tany amin'ny fanaovana ny « tie brak » vao fantatra ny mpandresy.

**Tenisy**

**Miotisoa Rasendra**

Voahosotra tompodakan'i Afrika teo amin'ny sokajy "junior" i Miotisoa Rasendra. Resiny teo amin'ny famaranana ilay mpilalao tseky Nicole Lukesova tamin'ny eta 3 no ho 2 ( 3/6- 6/3- 5/3), izay nitsoaka an-daharana teo amin'ny fanaovana ny seta fahatelo farany. Resin'i Miotisoa tamin'ny et a2 no ho 0 (7/6 – 7/6), teo amin'ny lalao manasa-dàlana ilay tonizianina Bicene Benzaied. Resy tamin'ny famaranana, teo amin'ny lalaon' olon-droa miaraka, kosa i Mirija Andriantefihasina sy Mahery Raoily, raha nidona tamin'i Daniel Adeleye sy Neil Zouaoui.

**nangonin'i a.r**

Rugby - Ligin'i Diana

# Nodimandry i Edmond "Eddy"

Misaona ny tontolon'ny baolina lavalava fa nodimandry tamin'ny zoma lasa teo i Mr Edmond na "Eddy" no fiantsoan'ny maro azy, Filohan' ny Ligin'i DIANA. Mialoha ny naha filoha azy, dia nilalao tao amin'ny klioban'ny RCD izy ny taona 1992 ka hatramin'ny 2000. "¾" ny toerana nisy azy. Tamin'ny taona 2001 ka hatramin'ny 2006 dia nitana ny toeran'ny "1 ère ligne" indray ny tenany. Voahosotra ho tompondaka lefitra tamin'ny fiadiana ny tompodakan'i Madagasikara ny RCD tamin'ny taona 2005, ary tompondaka tamin' ny 2006. Mpilalao sy filohan'ny RCD, nanomboka tamin'ny 2004 ka hatramin'ny 2008. Filohan'ny ligy DIANA izy tamin'ny taona 2009 ka hatramin'ny 2016. Izahay eto amin'ny Gazetiko dia mampionona sy mampahery ny fianakaviany, ary ny klioba RCD sy ny ligin'i DIANA.

**a.r**

## Sarisary zary tenany

**Impiry**




## Hatsikana an-tsary

**Alika masika**




## Masoandro Miposaka

**Jaona 11 : 6**

6 Koa nony ren'i Jesosy fa narary Lazarosy, dia mbola nitoetra indroa andro teo amin'izay nitoerany ihany Izy.

## Indray mipika




Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Raha tsy ny olitra tsy misy maharesy tohika anao.**

Il n'y a que le mal de dents qui vous fasse céder une fois que vous vous êtes entêté.

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3231**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 9 | | | | 5 | | | | 1 |
| | | 5 | | | | 9 | | |
| | 4 | 2 | 6 | | 9 | 3 | 8 | |
| 2 | | | | 6 | | | | 7 |
| | | 7 | 1 | | 4 | 8 | | |
| | 9 | | | 8 | | | 1 | |
| 3 | | 1 | | 4 | | 7 | | 8 |
| | 7 | | | | | | 5 | |
| | | 6 | 3 | | 7 | 1 | | |

Valin'ny laharana **3230**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 7 | 4 | 9 | 1 | 6 | 3 | 8 | 2 | 5 |
| 8 | 5 | 1 | 7 | 4 | 2 | 9 | 6 | 3 |
| 3 | 2 | 6 | 9 | 8 | 5 | 7 | 1 | 4 |
| 4 | 8 | 5 | 6 | 3 | 9 | 2 | 7 | 1 |
| 6 | 9 | 7 | 2 | 5 | 1 | 4 | 3 | 8 |
| 2 | 1 | 3 | 4 | 7 | 8 | 6 | 5 | 9 |
| 1 | 7 | 8 | 3 | 9 | 6 | 5 | 4 | 2 |
| 9 | 3 | 4 | 5 | 2 | 7 | 1 | 8 | 6 |
| 5 | 6 | 2 | 8 | 1 | 4 | 3 | 9 | 7 |

Mahazomà-Maevatanàna

## Lehilahy nanolana zaza 10 taona lavon'ny balan'ny Zandary



Anisan'ny tena ahitana trangana fanolanana matetika sy hahenoana fitarainana ny any amin'ny kaominina ambanivohitra Mahazomà, izay nampidirana am-ponja Atoa Tavilahy nampiditra ratsan-tanany tamin'ny fivavihana zazavavikely iray ny taona 2022, ny iray hafa moa mbola jerem-potsiny tahaka ny tany nahalavona, any an-toerana amin'izao an-kehitriny izao, izay tsy misy mahasahy mitoroka no tsy handraisan'ny mpitondra any Mahazomà andraikitra mihitsy io lehilahy milaza fa manam-bola io. Ny iray hafa moa dia izao lavaon'ny balan'ny Zandary taorian'ny fanolanana Zazavavikely 10 taona izao. Raha jerena tokoa ny makasika ity tranga ity, dia nahazo fampahafantarana tamin-dRamatoa Fleure ben'ny tanànan' i Mahazomà ny Zandary, fa nisy trangana fanolanana nihatra tamin'ilay Zaza folo taona (10 taona,) ny andron'ny Alakamisy faha-25 Aprily 2024 teo, tokony tamin'ny enina ora hariva, tao amin'ny fokontany Bevatokely, any amin'ny kaominina ambanivohitra Mahazomà, ato anatin'ny disitrikan'i Maevatanàna. Rehefa natao ny fizahana an'ity Zaza folo taona ity, dia voamarin'ny mpitsabo ny fahasimbany. Ny angom-baovao hatrany no nahalalana, fa nandeha nisambotra ny navanon-doza ny Zandary, ka vaky nilefa ity farany niaraka tamina lehilahy iray hafa: nandritra ny fifanjevona no nahalavon'ny balan'ny Zandary azy. Ny Zandary dia miady amin'ny herisetra ka tsy handefitra amin'izany tranga izany.

**Ratantely**

Ambararatabe

## Zazavavikely voaolana

Zazavavikely 7 taona mipetraka any Ankadilava kaominina Ambararatabe distrikan'i Tsiroanomadidy no niharan'ny fanolanana ny sabotsy lasa teo. Lehilahy tokony ho 45 taona eo no nampiatra io filan-dratsiny io.Notereny nentina tany an-tsaha io tovovavikely io ka tany no nanamparany ny filan –dratsiny. Tratran'ny fokonolona moa ity mpanolana ity ary dia vaky nitsaoka nandositra . Mbola karohin'ny vahoaka sy ny mpitandro ny filaminana izy hatramin'izao.

**Rablaise**

**Gazetiko**

Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.

Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola Ar 37 452 000

**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA

**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON 034 34 697 06

**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH 034 34 697 10

**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo

**B.P.** 1414 - Antananarivo

**Tél :** 038 34 344 34

**Fax.** 22 273 51

e-mail : midigazetikom@gmail.com

**D.L.I :** 16 660 - 04 - 24

Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

### Vavan'omby sy poavrao atao salady

***Zavatra ilaina*** : vavan' omby, poavrao, tongolo egipta , tongolo maitso, voasarimakirana, menaka

***Fikarakarana*** : Andrahoana ho masaka ny vavan' omby. Tetehana efajoro. Rehefa izany, amboarina ny saosy vinaingitra (menaka, voasarimakirana, sira), afangaro tsara. Tetehana amin'izay ny tongolo maintso, tongolo egipta, poavrao. Arotsaka ao anatin'ny saosy vinaingitra voalaza etsy ambony aloha ireto farangaro vao notetehana. Rehefa mahazo tsirony tsara vao arotsaka ny vavan'omby voatetika efajoro. Tsara kokoa raha asiana dipoavatra ho manimanitra.

## MANAMPY ANAO

**Permanences**
**27 avril au 03 mai 2024**

PHARMACIE DE GARDE

ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

- 67HA - face Eglise Luthérienne - 020 22 253 61
- VOLAHANTA - Anosibe près du rond point vers Soanierana - 020 22 355 09/034 24 334 86
- NANISANA - Nanisana Iadiambola arret bus sapin 032 03 520 29/034 05 750 29
- AMBANIDIA - 020 22 255 50/033 05 255 50
- MAHAVOKY - Andravoahangy 020 22 255 51/ 034 89 056 09
- IARIVO - Analakely en face Institut d'hygiène sociale 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06

PÉRIPHÉRIE d'ANTANANARIVO 24H/24H et 7j/7

Andoharanofotsy - 032 05 479 84 / 034 20 479 84
Grazia - Itaosy- 034 67 733 62
Anosizato - 020 22 631 43
Ambohibao - 020 22 482 64
Avaradrano - Analamahitsy- 020 22 423 65
Amboditsiry - 020 22 528 21 - 033 01 551 31 - 034 36 580 94
Soleil - Andrononobe - 034 20 356 51
Hasin'ny Aina - Mandroseza- 034 99 776 21
Ivato - 020 22 442 95
Ambohidratrimo - 034 29 358 45
Jade - près Horizon Ivato - 034 87 340 94
Sabotsy Namehana - 034 88 001 03
Amboara - Anosiala - 034 52 610 64
Ambohimahitsy - 034 33 304 17 / 034 95 882 30
Ambohimangakely - 034 25 372 52
Fenoarivo - Fenoarivo Alakamisy- 034 33 161 75
Fitiavana - Ankadikely - 020 22 436 33
Amoronakona By Pass - 034 36 115 15
Palais - Mandrimena Iavoloha - 032 42 713 67
Ankadindratombo - 032 82 588 02/034 02 588 02
By Pass Alasora - 032 12 525 25 / 034 98 525 25
Abondance - Ifarihy Ankaraobato - 034 75 214 36
S Namehana - Sabotsy Namehana - 034 81 689 47
Mitondrasoa - Fenoarivo - 034 01 707 07
Bongatsara - Bongatsara Iavoloha - 034 07 742 23
La Colombe - Itaosy - 034 60 396 61 / 033 64 280 42
Soa Ny Aina -Tsarahonenana - 034 31 018 20
MA Pharmacie - Ambohijanaka - 032 11 102 11
Ankaraobato en face CSBII - 034 64 330 62

A.M.I.T.

BEHORIRIKA TEL 22 303 83 / 22 383 52
ANTANIMENA TEL 22 303 86
TALATAMATY TEL 22 588 51
ANKADIMBAHOAKA TEL 24 819 81

AMBULANCE

- SERVICE DES URGENCES MPITSABO MIKAMBANA TEL: 0349023555 / 0334823555
- AMBULANCE MUNICIPALE TEL 22 200 40 / 033 65 333 22 / 033 65 444 22 / 033 65 555 22
- AMBULANCE POLYCLINIQUE D'ILAFY 24/24 TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73
- MEVA MEDICALE SERVICE TEL 033 11 195 33 / 032 04 922 69
- CDU (Centre de diagnostique et d'urgence médical) TEL 22 329 56/ 032 07 822 28/ 033 11 822 28
- AMBULANCE CLINIQUE DE TANJOMBATO TEL 033 11 313 85
- MATERNITE MARIES STOPES AVADOHA TEL 22 418 36 / 032 07 418 36 / 033 11 094 11
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL - 22 200 32 / 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60
- AMBULANCE ET URGENCE CRTM-OI - 034 01 015 55 / 032 07 255 52

HOPITAUX ET CLINIQUES

- CLINIQUE MPITSABO MIKAMBANA 24/24 ROUTE DE L'UNIVERSITE AMPASANIMALO TEL: 034 90 235 55 / 033 48 235 55

## TELEVIZIONA

MA TV MADAGASCAR

**MARDI 30 AVRIL 2024**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
07.30 : Dessins animés
10.00 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : A votre santé
12.30 : NEWS du 12h30
12.45 : VAOVAO 13h00
13.15 : A votre santé
14.00 : Film Jeunesse
16.00 : JOURNAL INTERNATIONAL
16.45 : Full SPORT
17.00 : Dessins animés
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Music
18.15 : Ny Vehivavy
19.00 : Les Infos de Ma-TV
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Mahandro
21.00 : Film Action
23.00 : Journal international
23.45 : Film Frisson
01.15 : Magazine
03.00 : Film Dramatique
05.00 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV ®
05.30 : Ny feon'ny pentekosta ®
06.00 : Oran'ny fanantenana

**MERCREDI 01 MAI 2024**

06.00 : Oran'ny fanantenana
06.30 : Salama va
08.00 : Film Jeunesse
10.15 : Magazine
12.00 : Météo
12.05 : Série
12.30 : A votre santé
14.00 : Dessins animés
16.00 : Journal International
17.00 : Full sport
17.15 : Royal Chapel
17.55 : Full Music
18.15 : Ny vehivavy
19.10 : Série
19.30 : Ny Vaovaon'ny Ma-TV
20.30 : Art Culinaire avec chef Dino
21.00 : Film Comédie
23.00 : Journal International
23.45 : Film Dramatique
01.30 : Documentaire
03.00 : Film Aventure
05.00 : Série ®
05.15 : Rhefi

VIVA

**MARDI 30 AVRIL 2024**

01.16 : Film
03.02 : Film
05.07 : Clips : Misy Raha ®
05.14 : Journal : Viva Événement VM ®
05.55 : Cullte : Tsara Taiza
06.00 : Clips : Christian Music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série Action : Bones
08.13 : Sport : Top Chrono ®
08.39 : Série : Chuck
09.29 : Film
11.40 : Série k-drama : My demon ®
12.50 : Clips : Misy Raha
13.57 : Film
16.10 : Série k-drama : My demon
17.40 : Série : Bandidos
18.30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18.44 : Série comédie : TEE TITANS ®
19.06 : Loterie : BET 261
19.28 : Hafatry ny PDS ®
19.30 : Journal : Viva Événement VM
20.30 : Journal : Viva Événement VF
20.50 : MIS'IN ®
20.55 : Viva Prod : NY ZOKO
21.47 : Film
23.16 : Film
01.01 : Journal : Viva Événement VM ®
01.41 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
01.56 : LE FEELING DE TOUTES LES GÉNÉRATIONS

**MERCREDI 01 MAI 2024**

01.56 : Film
03.36 : Film
05.18 : Clips : Misy Raha ®
05.25 : Journal : Viva Événement VM ®
06.05 : Culte : Tsara taiza
06.10 : Clips : Christian Music
06.00 : Viva Prod : Viva Réveil
07.30 : Série Act Av Po : ARROW
08.16 : Série : Les Agents du Shield
08.58 : Série : Star Wars : The Clone Wars
09.21 : Série : Parks and Recreation
09:51 : Film
12:22 : Série k-drama : My demon ®
13:32 : Journal : Flash Actus
13:42 : Clips : Misy Raha
14:12 : Music & News : HIT LOUNGE ®
15:04 : Viva Prod : iLoko
15:17 : Film animation
17:18 : Série k-drama : My demon
18:30 : Magazine jeux vidéo : Game in ®
18:43 : Viva Prod : Cake Bike
18:56 : Série Animation : Kung Fu Panda : The Dragon Knight ®
19:18 : Loterie : BET 261
19:28 : Hafatry ny PDS ®
19:30 : Journal : Viva Événement VM
20:25 : Viva Prod : Les 5 Minutes Guilman
20:30 : Journal : Viva Événement VF
20:50 : Viva co Prod : Minute Fihariana
20:53 : Série dramatique : Dynastie 2017 (-10)
21:38 : Film
23:30 : Journal : Viva Événement VM ®
00:10 : Magazine jeux vidéo : Game in ®

**********

## TELEFAONINA ILAINA

- CLINIQUE REINE MARIE- 4 RUE JOSEPH RAMANANDRAIBE - IMMEUBLE RALISON -ANTANIMENA - OUVERTURE 24h/24 Tél. : 034 20 239 72
- CENTRE HOSPITALIER DE SOAVINANDRIANA (HOMI) EX-GIRARD ET ROBIC TEL 23 397 51
- HOPITAL JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA (HJRA) TEL 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOPITAL JOSEPH RASETA BEFELATANANA TEL 22 223 84
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE IMAHO ANALAMAHITSY TEL 034 01 651 99 / 033 03 875 61 / 032 04 680 06
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICAL ST PAUL AMBATOROKA TEL 034 71 394 95 / 034 45 076 23 - MEDICAL SERVICE CLINIQUE MEDICO-DENTAIRE LOT IVR 20 ANTANIMENA (24/24) TEL 22 641 93
- CROIX BLEU DE MADAGASCAR SIEGE ANTANINANDRO - PROBLEME D'ALCOOLISME ET DE TOXICOMANIE TEL/FAX 22 324 59 / 22 634 62 / 033 11 442 77 / 032 07 545 30
- MARIE STOPES INTERNATIONAL MATERNITE CLINIQUE LOT II P 136 BIS AVARADOHA TEL 22 418 36 / 033 11 084 11
- CLINIQUE ET MATERNITE ST FRANCOIS ANKADIFOTSY - TEL 22 235 54
- POLYCLINIQUE D'ILAFY AMBOHITRARAHABA (24/24) TEL 22 425 66 / 22 425 69 / 22 425 73 / 033 11 073 91 / 032 07 243 28 / FAX 22 425 64
- TOBIM-PITSABOANA LOTERANA AMBOHIBAO (HOPITAL LUTHERIENNE) TEL 22 441 88 / 22 485 17 (24/24)
- CENTRE DE SANTE BEHORIRIKA TEL 22 641 28 / 22 603 63 / 033 11 458 48 / 032 07 409 38
- CLINIQUE MEDICO-CHIRURGICALE DE TANJOMBATO - LOT III A 42 - TEL 22 571 94/ 033 11 058 00
- PAVILLON SAINTE FLEUR CENTRE HOSPITALIER UNIVERSITAIRE JOSEPH RAVOAHANGY ANDRIANAVALONA AMPEFILOHA - TEL 22 661 04 / 22 663 93 FAX 22 660 82
- CENTRE DE SANTE SAINT MICHEL ANDRAVOAHANGY TEL 033 16 028 62
- CARREFOUR MEDICAL AMPARIBE (Médecine générale) LOT VH 39 BIS TEL 22 651 59 (7j/7 - 24h/24)
- CENTRE MEDICAL AMBATOMENA (IMMEUBLE SICAM ANALAKELY) TEL: 22 211 70
- CENTRE MEDICAL ANDRINDRA MIANDRARIVO AMBANIDIA (MANAKAMBAHINY) - TEL 020 26 057 94 / 03316 057 94/ 034 20 057 94 (24h/24)
- CENTRE MEDICAL COLISEUM TEL 034 03 847 39 - 032 99 286 69 (7/7 - 24H/24)

ESPACE MEDICAL / SOS Médecins

- AMBODIVONA TEL 22 625 66/ 034 02 088 16/ 034 02 00 911

CARE & MEDICAL ASSISTANCE HOSPITAL

- IMMEUBLE OSTIE ANOSIBE 1er ETAGE TEL 22 200 32/ 034 40 389 05 / 033 12 836 60 / 033 15 836 60

AROVY CLINIC

ATRIUM ANKORONDRANO
Urgences : 032 23 217 17 (24/24 - 7/7)

POMPIERS

- TSARALALANA TEL 18 / 118 (Airtel) / 22 390 30 / 033 15 500 86
- AMBOHIMANARINA TEL 033 15 501 76

POLICE SECOURS - GIR

- TEL 22 357 09 / 22 357 10 / 117

COMMISSARIATS

- 1er ARRONDISSEMENT ANALAKELY TEL 22 280 54
- 2e ARRONDISSEMENT AMBOHIJATOVO TEL 22 309 46
- 3e ARRONDISSEMENT ANTANINANDRO TEL 22 291 30
- 4e ARRONDISSEMENT ISOTRY TEL 22 280 51
- 5e ARRONDISSEMENT MAHAMASINA TEL 22 280 48
- 6e ARRONDISSEMENT AMBOHIMANARINA TEL 22 225 52
- 7e ARRONDISSEMENT 67 HA TEL 22 291 29
- 8e ARRONDISSEMENT ANALAMAHITSY CITE TEL 22 493 25
- POSTE DE POLICE AMPEFILOHA TEL 22 280 46
- POSTE DE POLICE MAHATONY TEL 22 242 22

Tetikasa PRODUIR

# Mandroso ny asa fanajariana ny lakandrano C3




Ampahany tamin'ireo asa efa vita.

Tafiditra ao anatin'ny tetikasa PRODUIR (Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience pour le Grand Antananarivo) ny fanajariana ny lakan-drano C3. Ampahany valo mirefy enina kilometatra amin'ity lakandrano ity, manomboka eny amin'ny lemak'Anosibe ka hatrany amin'ny sisin'ny lakandrano C3 sy ny tanànan'Anatihazo Anjezika ary CENAM, no misy ny asa fanamboarana. Ny 15 isanjaton'ny fitambaran'ny asa no efa vita ankehitriny. Ho an'ny fokontany III G Hangar manokana dia ny 90 isanjaton'ny asa no efa vita. Efa tsapan'ireo mponina sahady ny fiovana nentin'ny fotodrafitrasa napetraka teny amin'io fokontany io, satria efa saika nihotsaka ny sisin'ny lakandrano C3 teny an-toerana raha tsy nisy ny asa natao. Natao haharitra no sady hoentina manamora ny fiainana andavanandron'ny mponina rahateo ireo fotodrafitrasa apetraka ao anatin'ity tetikasa ity. *"Ny fametrahana ireo rindrin-kely, izay arovan'ny tohan-drano vonjimaika, mialoha ny asa fanadiovana sy fikaofana amin'ny lakandrano dia mampihena ny ambana amin'ny fahasimbana goavana amin'ireo fotodrafitrasa efa misy. Nandray anjara tamin'ny fanatanterahana ny asa ireo fokontany ary tena nanamora ny fanatanterahana izany."*, hoy Rakotovao Zoliarisoa, tomponandraikitra eo anivon'ny PRODUIR. Ankoatra ny fametrahana ireo fotodrafitrasa amin'ny lakan-drano C3 dia misitraka asa ao anatin'ity tetikasa ity koa ireo mponina eny amin'ny manodidina. Ny dimy ka hatramin'ny 10 isanjaton'ny fandraisana mpiasa amin'ny fanatanterahana ny asa dia olona tsy manana fahaizana manokana eny amin'ny manodidina avokoa. Amin'ny herinandro ho avy izao dia hivadika eny amin'ny faritry ny tetezan'Ambodinisotry ka hatreny amin'ny tetezana ampitan'ny tobin-tsolika Jovena 67 ha ny asa manaraka.

R. Muray

Fikambanan'ny Zanaka Anteogny

# Voafidy ho filoha vaovao i Andriantsizehena Benja



Ny filoha vaovaon'ny fikambanana FIZA, Andriantsizehena Benja Daniel Herbin.

Nahazo mpitarika vaovao ny FIZA, na Fikambanan'ny Zanaka Anteogny avy amin'ny tanàna 13 ao anatin'ny distrikan'i Vohipeno. Lany ho filoha hitantanana ny fikambanana mandritra ny telo taona i Andriantsizehena Benja Daniel Herbin. Sambany tamin'ny tantaran'ity fikambanana ity no nisy mpitarika tanora. Tamin'ny alahady lasa teo no nanatanterahana ny fifidianana teny amin'ny LMA Ampefiloha. Tonga marobe nanatanteraka ny adidiny ireo zanaka Anteogny mipetraka eto Antananarivo. Telo ireo mpifaninana, ka tamin'ny isam-bato 331 no nahalany ny filoha vaovao. Niarahaba sy nirary soa azy avy hatrany ireo olobe sy fikambanana maro samihafa avy any amin'ny distrikan'i Vohipeno sy Manakara rehetra iny. Marihina fa somary natoritory ity fikambanana ity teo aloha, koa nametraka fanamby ny filoha vaovao fa hamelombelona indray ny fikambanana.

R. Muray

Antsirabe -Tetikasa

# Tanora sahirana 800 hahazo tombontsoa

Tanora 800 avy amin'ny Distrika Antsirabe voalohany sy Antsirabe faharoa no hahazo tombontsoa manokana avy amin'ny tetikasa J2A na "Jeunesses Actrices de leur Avenir". Manodidina ny 13 ka hatramin'ny 29 ny salan-taonan'ireo tanora ireo izany hoe ao anatin'ny fotoana afahan'izy ireo mivelatra kokoa eo amin'ny sehatry ny asa. Miompana amin'ny fanohanana sy fanampiana ireo tanora hiditra amin'ny sehatry ny asa sy ny sehatry ny fandraharana rahateo no tanjon'ny J2A amin'ny alàlan'ny fampiofanana arak'asa.
Ny ivontoerana Ivotika no manampy ireo ankizy ireo amin'ny fikirakirana ny haitao ara-kajy mirindra izay tantanan'ny ONG I-bira. Ny alarobia 24 Aprily 2024 lasa teo no notanterahina tao amin'ny Hotel des Thermes ny fampandehanana ny tetikasa. Marihina fa ny AFD "Agence Française de Développement" no mpamatsy vola ity tetikasa ity. Ny ASMAE «Association des Sœurs Emmanuelle » kosa no manatanteraka azy.

Andry N.



Nandritra ny famelabelarana ny tetikasa. (Sary: Andry N.)

Filoha Andry Rajoelina

# Nanatrika ny fivorian'ny IDA !

Isan'ireo firenena nandray anjara tamin'ny fivorian'ny IDA (Association Internationale de Développement) natao tany Nairobi Kenya i Madagasikara. Nanatrika izany ny Filohampirenena malagasy Andry Rajoelina izay nanainga teto antanindrazana tamin'ny 28 aprily 2024 lasa teo. Tamin'izany no nandinihan'ireo olona ambony sy mpitondra eto Afrika ny fanamafisana ny loharanon-karena mba hahafahana manatanteraka ireo tanjon'ny fampandrosoana ho an'ny kaontinanta afrikanina.
Sampana fototra ao amin'ny Banky Iraisam-pirenena ny IDA izay miezaka hampihena ny fahantrana amin'ny alàlan'ny fanampiana sy famatsiam-bola ny fandaharanasa hampiakatra ny fivoarana ara-toekarena , ny fampihenana ny tsy fitoviana sy ny fanatsarana ny toe-piainan'ny mponina. Hatreto firenena 75 no misitrika ny famatsiambola avy amin'nyIDA ka isan'izany i Madagasikara. Hifantoka amin'ny fampandrosoana ny olona, ny fanamafisana ireo ezaka ataon'ny firenena hiatrehana ny fiovaovan'ny toetr'andro, ny famoronana asa ary ny fanatsarana ny fifandraisana amin'ny nomerika ny laharampahamehana ho an'i Madagasikara amin'io fihaonana iraisam-pirenena io.

Mamy R.



Vakinankaratra

# Feno 30 taona ny OMAPI

Nanamarika ny andro maneran-tany ho an'ny fizakamanana ara-tsaina ny teto Antsirabe ka ny faritra no nampiatrano ny lanonam-pankalazana ny andron'ny zoma 26 Aprily 2024 lasa teo. Lohahevitra norasina ny hoe "Fizakamanana ara-tsaina sy tanjona amin'ny fampandrosoana maharitra : Manorina ho avy iombonana ho amin'ny famoronana sy fahita vao ». Nifanindry an-dalana tamin'ity fotoana ity ihany koa ny fanamarihana ny faha 30 taonan'ny OMAPI na Ofisy Malagasy ny fizakamanana ara-tsaina. Mitana toerana lehibe eo amin'ny lafiny fampandroana ny firenena iray ny fampiroboroboana ny fizakamanana aratsaina indrindra ny fiarovana ny asa famoronana. Tsy lasa danja amin'ny faritra hafa ny faritra Vakinankaratra amin'ireo karazana asa fikarohana vokatry ny saina, antony iray nosafidianana ny faritra hanamarihana ny andro manarenan-tany ho an'ny fizakamanana ara-tsaina. Tatitra fohy mahakasika ny asa vita, fijoroana vavolombelona ary varavarana misokatra fampafahafantarana ny OMAPI sy tranoheva maromaro ireo no hetsika nentina nanamarihana ity fotoana lehibe ity teto Vakinankaratra. Efa nisy kosa ny asa nataon'ny teo anivon'ny OMAPI, notarihan'ny tale jeneraliny Andriarivo Pricilla niolohavan'izao fanamarihana teto Antsirabe ary hitohy any amin'ny faritra hafa.

Andry N.

# TENY REHETRA TENY

Sary : Kelly R.



Efa vonona ny lalamby ! Ny lamasinina sisa andrasana !



Miverina indray ny fako mivangongo !




Ambohijatovo tsy ao anatin'ny oran'ny fitohanana !




Manentana ny mpiasa  hiditra sendika hiarovana ny zony !




Manazava ny Africa Cup/ FIBA 3x3 hatao eto amintsika ny mpikarakara !




Azo isarihan'ny mpizahatany ny mozika !